

NY FIVERENAN'I KRISTY

(*Le Retour de Christ*)

Ireo fihaviany samihafa
sy ireo trangan-javatra mifandraika amin'izany

Famelabelarana ara-Baiboly

Ewald Frank

Ireo lohateny

Sasin-teny.....	4
Ho tanteraka tokoa izany.....	11
Faniriana izay tanteraka	15
Ilay Hiaka fiantsoana	17
Ny Feon'Arikanjely	20
Ny Trompetra	23
Ny Fepetra.....	24
Ny Firafitry ny Fotoana	28
Ny Famaliana	37
Ny Tetezamita	40
Ny Fanjakana-arivo-taona.....	44
Ny Fara-Andro	48

SASIN-TENY

Nanapa-kevitra hanoratra ity famelabelarana ity aho satria maro ireo mpino izay mila mahazo tsara kokoa ny amin'io lohahevitra io, ny Fiverenan'ny Tompo, izay sarotra kanefa manan-danja be tokoa.

Tsapako fa misy ireo teboka izay tsy afaka novelarina kokoa fa voatsidika fotsiny ihany. Raha tena hamelabelatra izany, dia boky maro vao mety ho ampy. Ireo andalan' ny Baiboly sahabo roanjato mahery izay nampiasaina eto dia tokony ahafahan' ny mpamaky handalina samy irery ny Soratra Masina mba hahitany «*raha marina izany, na tsia*» (Asa 17:11)

Zavatra anankiroa no nahafeno fisaorana ahy nandritra ny nanoratako ity. Ny voalohany dia ny Fahasoavan'ny Tompo izay nanome ahy vina tena lalina tokoa mikasika ny Draf-Panavotana, ny faharoa dia izaho tsy mba voafehin'ny zotra ara-Panahy manokana, ka nahafahako namoaka madiodio tsy misy vilana ireo fahamarinan' ny Tenin'Andriamanitra ao anatin'ny manodidiny marina avy.

Raha mandinika aho ka nahita fa, nohon'ny Fahasoavany, Andriamanitra dia namela ahy nanopy maso tao amin'ireo Fisainany sy ireo Planiny mahery mikasika ny Zanak' olombelona, dia tsy haiko ny tsy hihiaka miaraka amin'i Davida mpanao salamo hoe: «*Fa efa nomenao voninahitra ny Teninao ho ambonin'ny anaranao rehetra.*» (Salamo 138:2). Mihiaka miaraka amin'i Paoly koa aho, manao hoe: «*Endrey ny halalin' ny haren'Andriamanitra sy ny fahendreny ary ny fahalalany!*» (Romana 11:33). *Irenée*, io lehilahin' Andriamanitra lehibe io izay niaina tao amin'ny vanim-potoana nanaraka ny fotoanan'ireo Apostoly, dia niteny hoe: «Ny Draf-Panavotana, izay Izy Andriamanitra no Tompo-marika, dia nasehony tamin'ireo olona nahafinaritra Azy. Nisy poetry mpamoron-kira iray nanoratra toy izao: «Hampangino ny ato anatiko, Tompo, izany no talahoko, mba hahitako ireo zava-mahagaga ao amin'ny Teninao!». Ny Teny izay miafina amin'ireo hendry sy ireo marani-tsaina dia ambaran'ny Fanahin' Andriamanitra amin'ireo izay mino Azy amin'ny finoana toy ny an'ny zazakely.

Amin'izany fisainana izany no irariako an-kitsim-po ny fitahian' Andriamanitra ho an'ireo rehetra izay hamaky, ary koa fitomboana ara-

panahy, loharanom-piadanana ao amin' ny Tenin' Andriamanitra. Enga anie ny rehetra hahay hotarihin'ny Fanahy Masina anatin' ireo harena sarpantarin'ny Teniny izay voambara.

Andriamanitra anie hitahy ny Teniny voatahy hahasoa ireo rehetra voatahin' Andriamanitra.

Krefeld, Novambra/Desambra 1988

Ny mpanoratra

NY FIVERENAN'I KRISTY

Ireo Fihaviany samihafa

sy ireo trangan-javatra mifamatotra amin'izany.

(Famelabelarana ara-Baiboly nataon'ny misionera Ewald Frank)

Toy ny amin'ny lohahevitra rehetra ara-Baiboly, dia mahita isika fanambarana maro mifandraika amina tranga samihafa ao anatin'ny Soratra Masina izay tsy maintsy ampifandraisina mba hirindra tsara. Raha ny marina, dia maro ireo fiavian'i Kristy, fa tokana monja kosa ny Fiverenany izay hihaonany amin'ny Ampakarina, eny amin'ny rivotra, amin'ny maha-Mpampakatra Azy avy an-Danitra (1 Tes. 4:13-18), ary hitondrany Azy ho ao amin'ny Fampakaram-bady (Apok. 19:1-10). Ity Teny fikasana ity no nataony: «*Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa.*» (Jaona 14:3)

Ao amin'izay antsoin'ny olona fa “Fanekempinoan’ny Apostoly”, izay tsy isalasalana fa tsy fantatr’ireo Apostoly ireo, satria efa tamin’ny taonjato faha-4 taorian’i Kristy vao vita fandrafetana, dia tsy misy filazana mikasika fampakarana, izany hoe fampakarana mpino izay azo lazaina fa izany no “lehibe indrindra amin’ireo zavatra hitranga amin’ny fiafaran’ny Fotoam-Pahasoavana”. Anatin’io “Fanekempinoan’ny Apostoly” io, dia izao fotsiny no voalaza, hoe: “...avy any no hiaviany indray hitsara ny velona sy ny maty”. Ny “fitsarana farany” anefa dia mbola aorianava lavitra be vao hitranga, izany hoe aorian’ny Fanjakana-arivo-taona (Apok. 20:11-15)

Ireo fampianaran-diso mikasika io lohahevitra io, izay nitsofoka tao amin'ny fitoriana ny Baiboly nandritra ireo taonjato voalohany taorian’i Kristy ireo, dia mbola hita ankehitriny na ao amin’ireny fiangonana ofisialy ireny na ao min’ireo fiangonana tsimiankina, amin'ny endriny taloha ihany, na amin'ny endriny voaòva. *Augustin* (354-430), izay anisan’ny lehibe amin’ireo Rain’ny Fiangonana, araka ny hevity ny mpandinika tantara maro, rehefa njery ara-panahy ny fahateraham-

baovao, dia nilaza fa io no ilay fitsanganana amin'ny maty voalohany. Kanefa Paoly izay hajainy tokoa, dia nametraka ny “fitsangana amin’ny maty” ho ilay tanjona hotratrarina avo indrindra (Fil. 3:10-11). Ho an'i *Agustin*, dia efa voafatotra i Satana, ary aminy, ny Fiagonana no Fanjakana-arivo-taona , ka ny fitambaran'ny herin'ny Fanjakana sy ny Fiagonana no manome ny “Fanjakan'Andriamanitra”.

Tsy te-handinika ireo fandalinana sy fanoheram-pandalinana nataon' ny olona rehetra nandritra ny tantaran'ny Fiagonana izahay, fa ny atao eto dia famelabelarana araka ny fijery izany ara-Baiboly. Na dia tsy nisy aza toriteny manokana mikasika ny Fiverenan'i Kristy nataon'ny Apostoly na ireo fiaviany samihafa amin'ny an-tsipirihany, dia mahita ihany isika filazana mazava tsara mikasika izany. Tombontsoa nananan'ireo mpinon'ny Fiagonana voalohany ny nahenoan'izy ireo nivantana mikasika ny zavatra rehetra avy tamin'ireo izay nantsoin'Andriamanitra hanambara izany. Araka ny fijoroana vavolombelon'i Paoly, dia nanome ny Tolo-tsaina rehetra avy tamin'Andriamanitra izy (Asa 20:27). Hita miharihary fa ireo Apostoly dia nihevitra fa ireny zavatra rehetra ireny dia efa fantatry ny olona avokoa, noho izany dia an-kavitsiana ny teny nanoratan'izy ireo mikasika azy ireny. Ka raha te-hahita ny vina manontolo dia tsy maintsy manovo ireo andalana izay tena miparitaka, ary mandrindra azy ireo, toy ny atao amin'ny fandinhana ireo teny faminaniana ihany koa.

Manomboka amin'ny Filazantsaran'i Matio ka hatramin'ny faran'ny Apokalypsy, dia hita ombieny ombieny ao amin'ny Testamenta Vaovao ny amin'ny Fiavian'ny Tompo, izany hoe ny Fiverenany. Kanefa tsy mikasika Fiaviana tokana ihany ireo rehetra ireo, ary ireo andalana mitokantokana ireo dia tsy araka ny filaharany ara-potoana.

Misy andalana anankiroa toa sahala kanefa mitantara tranga anankiroa tena samy hafa, izay ahitana mazava tsara ny maha-zava-dehibe ny fahazoana tsara ny soratra izay vakiana. Ny Matio 25:1-10 dia mikasika olona efa vonona amin'ny Fiavian'ny Mpampakatra sy hiaraka Aminy hankao amin'ny Fampakaram-bady. Ny Lioka 12:35-40 kosa anefa, dia mikasika olona izay miandry ny Tompo izay hiverina avy amin'ny Fampakaram-bady. Taona maromaro anefa no manelanelana ireo tranga

anankiroa ireo, sady mahakasika vondron'olona roa tena samy hafa tanteraka izy ireo, na dia teny mitovy aza no nampiasaina nitantarana izany: Fampakaram-bady, fanala, vonona, sns.

Misy trangan-javatra isan-karazany hatrany no mifamatotra amin'ny Fiavian'ny Tompo tsirairay. Heverontsika fotsiny ireo faminanina maherin'ny zato tao amin'ny Testamenta Taloha izay tanteraka nandritra ny Fiavian'i Kristy voalohany. Raha ny amin' ny Fianganan'ny Testamenta Vaovao dia misy Fiaviana telo voatokana ho Azy: ny voalohany dia tonga Izy mba hanavotra ireo Azy, ny faharoa dia fanatanterahany ny teny fikasan'ny Fiverenany haka ireo Azy, ary hitondra azy ireo any an-Trano izay efa nomaniny; ary farany ho avy Izy miaraka amin'ireo Azy (Apok. 19:11-16) hamarana ny fahefan'ireo hery fahavalon'Andriamanitra, ka hametraka ny Fanjakany izay haharitra arivo taona (Apok. 20).

Ny ho jerentsika manokana ato amin'ity famelabelarana ity dia ny Fiverenan'i Kristy sy ny Fampakarana ny vondron'ireo Olony, tranga izay andrasan'ny mpino rehetra amin'ny fo miredareda, nanomboka tamin'ny niakaran'ny Tompo. Ny Tenan'ny Tompo mihitsy no nilaza hoe: «*Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa.*» (Jaona 14:3)

Ao amin'ny Matio toko faha-24, raha niresaka tamin'ny Tompo sy Mpampianatra ireo mpianatra nikasika ny hatsaran'ny Tempoly, angamba dia tena gaga tokoa izy ireo raha naheno Azy namaly hoe: «*Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy havela hisy vato hifanongoa eto ka tsy horavana.*» (Matio 24:2)

Efa taorian'izany izy ireo vao nametraka tAminy ireto fanontaniana telo ireto:

- 1°) «...*Lazao aminay izay andro hahatongavan'izany?*»
- 2°) «...*ary izay ho famantarana ny fihavianao?*»
- 3°) «...*sy ny fahataperan'izao tontolo izao.*»

Izay mamaky am-pifantohana tsara io toko io dia ahatsapa fa novalian'i Jesosy ireo fanontaniana telo ireo. Raha ny amin'ny Fiaviany dia hoy Izy hoe: «*Fa tahaka ny helatra avy any atsinanana ka hita hatrany*

andrefana, dia ho tahaka izany ny Fihavian'ny Zanak' olona.» (Matio 24:27)

Milaza ny amin'izany koa Izy ao amin'ny andalana hafa: «*Fa tahaka ny andron'i Noa, dia ho tahaka izany koa ny Fihavian'ny Zanak' olona.»* (Matio 24:37)

«...ary tsy fantany mandra-pihavin'ny Safo-drano izay nandringana ny olona rehetra, dia ho tahaka izany ny Fihavian'ny Zanak'olona.» (Matio 24:39)

«*Koa amin'izany miambena ianareo; fa tsy fantatrareo izay andro hihavian'ny Tomponareo.»* (Matio 24:42)

«*Koa miomana kosa ianareo; fa amin'izay ora tsy ampoizinareo no hihavian'ny Zanak'olona.»* (Matio 24:44)

«*Fa raha mbola lasa nividy izy, dia tonga ny mpampakatra, ary izay efa niomana dia niara-niditra taminy tao amin'ny fampakaram-bady, ary dia narindrina ny varavarana.»* (Matio 25:10)

«*Fa miambena ka mivavaha mandrakariva, mba hahery ianareo ka handositra izany zavatra ho avy rehetra izany ary hitsangana eo anatrehan'ny Zanak'olona.»* (Lioka 21:36)

Velona mandrakariva tao am-pon'ireo mpino kristiana voalohany izany fanantenana izany. Maro ireo andalana ao amin'ny Baiboly izay mampivoitra mazava tsara ny amin'izany:

«...mba ho avy izay andro famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo, ary mba hanirahany ny Kristy voatendry ho anareo, dia Jesosy,» (Asa. 3:20)

«*Fa na oviana na oviana ianareo no mihinana itony mofo itony sy misotro amin'ny kapoaka, dia manambara ny fahafatesan'ny Tompo ianareo mandra-pihaviny.»* (1 Kor. 11:26)

«...sy ny nialanareo tamin'ny sampy hiverenana amin'Andriamanitra mba hanompo an'Andriamanitra velona sy marina, ary mba hiandry ny Zanany avy any an-danitra, Izay natsangany tamin'ny maty, dia Jesosy, izay Mpanafaka antsika amin'ny fahatezerana ho avy.» (1 Tes. 1:9-10)

«Fa inona moa no fanantenanay, na fifalianay, na satro-boninahitra reharehanay? Moa tsy ianareo eo anatrehan'i Jesosy Tompontsika amin'ny Fihaviany va?» (1 Tesa. 2:19)

«Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran' Andriamanitra...» (1 Tes. 4:16)

«Ary Andriamaniry ny fiadanana anie hahamasina anareo samy ho tanteraka, ka aoka harovana avokoa ny fanahinareo sy ny ainareo ary ny tenanareo ho tanteraka ka tsy hanan-tsiny amin'ny Fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika.» (1 Tes. 5:23)

«Ary mangataka aminareo izahay, ry rahalahy, ny amin'ny Fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika sy ny hanangonana antsika ho eo aminy,...» (2 Tes. 2:1)

«...mba hotehirizinao tsy hanan-tsiny amam-pondro hatramin'ny Fisehoan'i Jesosy Kristy Tompontsika izany didy izany; ny Andriana finaritra sady tokana, Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tempo, no haneho izany amin'ny fotoany;» (1 Tim. 6:14-15)

«hattrizao dia tehirizina ho ahy ny satro-boninahitry ny fahamarinana, izay homen ny Tompo, Mpitsara marina, ho ahy amin izay andro izay; ary tsy ho ahy ihany, fa ho an'izay rehetra tia ny Fisehoany koa.» (2 Tim. 4:8)

«Fa "rehefa afaka kelikely, Dia ho tonga Ilay ho avy, fa tsy hitaredretra"» (Hebreo 10:37)

«Ary amin'izany dia mahareta tsara, ry rahalahy, mandra-pihavin' ny Tompo...mampahereza ny fonareo, fa efə mby akaiky ny Fihavian'ny Tompo.» (Jakoba 5:7-8)

«Fa tsy nanaraka izay anganonganonoforonin'ny fahafetsen'ny saina izahay, raha nampahafantatra anareo ny hery sy ny Fihavian'i Jesosy Kristy Tompontsika; fa efə hitan'ny masonay ny fiandrianany.» (2 Petera 1:16)

«...efə fantatrareo voalohany indrindra fa amin'ny andro farany dia hisy mpaniratsira avy haniratsira, mandeha araka ny filany ka manao hoe: Aiza ny teny fikasana ny amin'ny Fihaviany?» (2 Pet. 3:3)

«Ry malala, ankehitriny aza dia zanak'Andriamanitra isika, nefà tsy mbola naseho izay ho toetsika rahatrizaray. Fantatsika fa raha hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy, dia izay tena endrinny tokoa.» (1 Jaona 3:2)

«Fa tahaka ny ahafatesan'ny olona rehetra ao amin'i Adama no ahaveloman'ny olona rehetra kosa ao amin'i Kristy. Nefà samy amin'ny filaharany avy: Kristy no santatra; rehefa afaka izany, dia izay an'i Kristy amin'ny Fihaviany.» (1 Kor.15:22-)

HO TANTERAKA TOKOA IZANY

Ny hamaron'ireo andalana ao amin'ny Baiboly izay nasehontsika ireo dia manaporofa ny lanjan'io Fiverenan'ny Tompo io. Mampalahelo anefa, fa tsy ela taorian' ny nahalasan'an'ireo Apostoly, dia nanomboka nandray azy io ho zavatra ara-panahy ny olona, ary mbola mitohy ankehitriny izany. Indrisy, ny olona no maty, fa tsy ireo fanahy: mandramby olon-kafa izy ireo ary manohy mampiely fampianaran-diso. Ny olona rehetra dia mahalala ny fampianaran'ny lamim-pivavahana iray izay milaza fa efa nanomboka tamin'ny 1914 ary efa tafatoetra eto ambonin'ny tany ny Fanjakan' Andriamanitra.

Talohan'io dia efa nisy ny fampianarana toy izany, izay mametra fotoana iray ho an' ny sehon-javatra iray, ary ankehitriny dia mbola misy izany. Ny endrika iparitahan' izany ankehitriny, ohatra, dia ny fampianaranana ny *Fisehoan'i Kristy (Parousie de Christ)*. Ireo mpanohana izany dia milaza fa efa tonga i Kristy, ary manao ny asa maha-mpitsara Azy Izy ankehitriny. Dia mbola raisina ho ara-panahy indray ny Fiavian'i Kristy, ary lazaina fa nahazoana “fanambarana” izay voatokana amina vondron'olona manokana hono izany. Dia toy izany hatrany no ihamboan'ny olona. Ary am-pirehetana be tokoa no itoriana izany, ary tsy mahatsapa akory ny olona fa efa nivily niala ny Fahamarinana izy ireo, sady efa nongotana taminy ilay fanantenana mahasoa.

Na manana endrika ara-pivavahana toy ny ahoana ireny fanehoan-kevitra ireny, dia arakarak' izany koa ny maha-diso azy ka mitarika ny olona amin'ny fahaverezana. Ny teny grika “*Parousie*” dia midika

“fanatrehana”, ary milaza mandrakariva fahatongavana amim-batana izany. “*Paraousia*” dia midika “zavatra manatrika”. Ohatra, raha miditra ao amin’ny *Maison blanche* ny filohan’ny Etazonia, dia *parozia* izany. Tsy haitraitra ny *parozia*. Tsy azo ampiasaina io teny io afa-tsy raha misy fahatongavana ara-batana, tena misy, hita maso. Tsy misy *parozian’ i Kristy* raha tsy Izy, ny Tenany mihitsy, no miseho. Rediredy tsotra izao ny fampianarana toy izany, Raha marina fa nisy ny «Fanatrehana-paroziany» tamin’ny Fiaviany Voalohany (*Epifania*), dia marina koa fa Izy mihitsy, ny Tenany no ho tonga amin’ny «Fanatrehana-paroziany» rehefa hiverina Izy, Tsy manam-pototra ara-Baiboly ny fampianarana ny parozian’i Kristy tsy misy fatrehan’ny Vata-Tenany.

Toy izany koa, ny Fiverenan’i Jesosy-Kristy dia zavatra tena hisy fa tsy tombatombana na fampianarana fotsiny ihany, ireo trangan-javatra manodidina izany dia tena hisy ihany koa. Hoy Paoly hoe: «*Indro, zavamiafina no ambarako aminareo: tsy hodi-mandry avokoa isika rehetra, fa isika rehetra hovana.*» (1 Kor 15:51-52). Ao amin’ ny Matio 17:2 dia ahitantsika hanao ahoana io fiovana endrika io: «*Dia niova tarehy teo anatrehany Izy, ka ny tavany namirapiratra tahaka ny masoandro, ary ny fitafiany tonga fotsy tahaka ny mazava.*» (Matio 17:2)

Toy izany koa no nahitan’i Jaona Azy tao amin’ny nosy Patmo; «*Ary ny lohany sy ny volony dia fotsy tahaka ny volon’ondry fotsy, dia tahaka ny oram-panala, ary ny masonry tahaka ny lelafo;*» (Apokalypsy 1:14), Io fiovana endrika io dia harahan’ity toe-javatra ity: «*Fa ity mety lò ity tsy maintsy hitafy ny tsi-fahalòvana, ary ity mety maty ity tsy maintsy hitafy ny tsi-fahafatesana.*» (1 Kor 15:53), Endriky ny fahatongavan’ ny Vatan’i Kristy amin’ny fahatanerahaha feno ny fahalavorariana tonga lafatra, izay tsy hisiana intsony fahanterana, fa kosa fahatanorana mandrakizay. Hitantsika ao amin’ny Joba 33:23-28 ny «fiverenana» amin’ny fahatanorana. Anatin’io andalan-tSoratra Masina io no iresahana ny Mpanalalana sy ny Fanavotana. Efa aorian’izany vao aseho ny fahatongavana amin’ny voninahitra an’ireo izay vita fihavanana tamin’ Andriamanitra, izany hoe ho ao amin’ny endriny tanora vao herotrerony; «*Dia ho tsara noho ny an’ny tanora nynofony, hody ho toy ny tamin’ny andro nahatanorany izy;*» (Joba 33:25). Ho tanteraka izany «...vetivety, toy

ny indray mipi-maso, rehefa maneno ny trompetra farany, dia hovana isika rehetra; fa hotsofina ny trompetra, ary ny maty hatsangana tsy ho lò intsony, ary isika hovana.» (1 Kor.15:52)

Tsy ireo velona ao amin'ny finoana an'i Kristy ihany no hovana, fa koa ireo izay nodimandry tao amin'io fanantenana velona io, Ireto teny ireto no anehoan'i Joba ny finoany amin'ny fitsanganana amin'ny maty: «*Kanefa raha izaho, dia fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ka hitsangana any am-parany eo ambonin'ny vovoka Izy. Ary rehefa levona ny hoditro, izao simba izao, sady afaka amin'nynofoko aho, dia hahita an'Andriamanitra, Eny, izaho no hahita Azy, ary ny masoko no hijery, fa tsy olon-kafa...»* (Joba 19:25-27)

Rehefa ho avy ny Tompo dia hahazo vatana fitsanganana amin'ny maty ireo izay nodimandry tao amin'i Kristy, araka ny voasoratra ao amin'ny 1 Korintiana 15:42-44: «*Dia toy izany koa ny fitsanganan'ny maty: Afafy amin'ny fahalòvana izy, atsangana amin'ny tsi-fahalòvana; afafy amin'ny fahafaham-boninahitra izy, atsangana amin'ny voninahitra; afafy amin'ny fahalemena izy, atsangana amin'ny hery; afafy tena araka ny fomban'aina izy, atsangana ho tena araka ny fombam-panahy.»*

«*Fa raha inoantsika fa efa maty Jesosy sady efa nitsangana indray, dia toy izany koa no hitondran'Andriamanitra izay efa nodimandry tao amin'i Jesosy hiaraka aminy.»* (1 Tes. 4:14) Raha mampianatra fa efa niverina Kristy ny olona iray, aoka izy hanambara amintsika koa aiza no misy ireo nodimandry tao amin'i Kristy izay nentiny niaraka tAminy, Ireo izay miteny izany dia manome tombony ho an'ny velona miohatra amin' ireo nodimandry tao amin'i Kristy, ka amin'izany izy ireo dia manohitra ny Soratra Masina: «*Fa izao no lazainay aminareo amin'ny tenin'ny Tompo: isika, izay velona ka mbola mitoetra mandra-pihavin'ny Tompo, dia tsy mba hialoha izay efa nodimandry tsy akory.Fa ny Tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin i Kristy no hitsangana aloha; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika.»* (1 Tes.4:15-17)

Avoitran'io andalana io fa tsy hidina hatra ety ambonin'ny tany ny Tompo, fa kosa ireo mpandresy, izany hoe ireo nodimandry tao amin'i Kristy sy ireo velona ao amin'i Kristy, samy ao amin'ny endriky ny tafatsangana amin'ny maty avy, no hiaraka hitsena Azy eny amin'ny rivotra, «...dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika.» (1 Tes 4:17)

Araka ny nampanantenain'ny Tompo dia manatrika ireo Azy ao amin'ny Fanahy Izy, ary izany mandritra ny andron'ny Fahasoavana manontolo. Na aiza na aiza misy anankiroa tena miangona amin'ny Anarany, dia eo Izy. Nidina Izy tamin'ny andro Pentekosta, ka hatramin'izay dia monina ao amin'ireo mpino Izy (Jaona 14:18), «...ary niara-natsangany isika ka niara-napetrany any an-danitra ao amin'i Kristy Jesosy...» (Efes.2:6), Ireo mpino marina dia vahiny sy mpivahiny ihany eto an-tany sady efa «...mpiray fanjakana amin'ny olona masina sady ankohonan'Andriamanitra.» (Efes. 2:19)

Amin'ny Fiverenany, ireo rehetra Azy na ny efa nodimandry, na ireo mbola velona, dia hovana hiala amin'ny fahafatesana hankao amin'ny tsifahafatesana amin'ny alàlan' ny hery mahavelon'ny fitsanganana amin'ny maty, mba hakarina any Aminy, Izany dia mahakasika ireo rehetra izay tena nino marina ny Tenin'Andriamanitra, hatramin'ny Fiaviany voalohany, ireo izay niaina ny zavatra notorina taminy, ary tena nanao an'i Jesosy-Kristy ho fanantenany velona. Toy izao no nanehoan'i Paoly izany: «...ho an'izay rehetra tia ny Fisehoany koa.» (2 Tim. 4:8b)

Nandritra ireo taom-Piangonana fito rehetra ireo (Apok. 2 sy 3) dia nisy hatrany ireo olona izay nihaino izay nolazain'ny Fanahy tamin'ny Fiangonana, sady nanantena ny Fiverenan'ny Tompo.Tamin'ny alàlan'ny «Maranata!» no nifampiarahabany; ary tamin' ny fony rehetra no nivavahany hoe: «Avia faingana, Jesosy Tompo». Tsy diso safidy izy ireo ka tsy ho diso fanantenana koa. Nialoha antsika izy ireo, ka ny sisa ataony dia miandry ny fahafenoan'ny isa. Ankehitriny, amin'izao faran'ny farany izao, no tanteraka ny firaisan-tsaina feno amin'ny Mpampakatra-Teny sy ny Ampakarina-Teny, hany ka iray ihany no tenenin'ny Fanahy sy ny Ampakarina (Apok. 22:17).

Ireo olom-boafidy tao amin'ny Testamenta Taloha dia nitsangana niaraka tamin'i Kristy (Matio 27:51-53), «Ary ireo rehetra ireo, na dia efa

nahazo laza tsara noho ny finoana aza, dia tsy mba nandray ny teny fikasana, fa Andriamanitra efa namboatra izay tsara lavitra ho antsika, mba tsy hatao tanteraka ireo raha tsy efa mby eo koa isika.» (Hebreo 11:39-40) Koa dia miandry any amin'ny Paradisa izy ireo, mandrapahatonga ho an'ny rehetra ny fotoana fahatongavana amin'ny fahatanterahana; ka amin'izay dia hiaraka amin'ireo masin'ny Testamenta Vaovao izy ireo ho ao amin'ny Fanasan'ny Fampakaram-bady. Izany no natsidiky ny Tompo raha niteny tao amin'ny Matio 8:11 hoe: «*Ary lazaike aminareo fa maro ny avy any atsinanana sy any andrefana no ho tonga ka hipetraka hiara-mihinana amin'i Abrahama sy Isaka ary Jakoba any amin'ny Fanjakan'ny lanitra.*»

FANIRIANA IZAY TANTERAKA

«*Fa izao zavatra àry rehetra izao dia samy maniry fatratra ka miandry ny fampisehoana ireo zanak'Andriamanitra...ary tsy izany ihany, fa isika koa, na dia manana ny voaloham-bokatry ny Fanahy aza, isika aza dia misento ato anatintsika, miandry ny fananganan'anaka, dia ny fanavotana ny tenantsika.*» (Rom.8:19,23)

Ao amin'ny Genesisy 1:27, dia izao no vakintsika: «*Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny; tahaka ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy...*» Vatana ara-panahy no noforoniny teo. Efa tato aoriana vao nahazo ity vatana nofo notsoahana avy tamin'ny tany ity ny olombelona, araka ny voasoratra ao amin'ny Genesisy 2:7: «*Ary vovo-tany no namoronan'i Jehovah Andriamanitra ny olona...*» Ary tao anatin'io vatana io no lavo ny olombelona. Noho izany antony izany, Andriamanitra izay Fanahy no tsy maintsy tonga olombelona, ao amin'ny Zanaka, mba hanafaka antsika ka mamerina antsika indray ho ao amin'ny maha zanak'Andriamanitra antsika indray, anaty vatana ara-panahy, «*satria izay fantany rahateo no notendreny koa hitovy endrika amin'ny Zanany...*» (Rom.8:29)

«*Ny olona voalohany avy amin'ny tany, dia tany; ny olona faharoa dia avy any an-danitra. Izay amin'ny tany dia tahaka ilay amin'ny tany; ary izay any an-danitra dia tahaka Ilay any an-danitra. Ary toy ny*

nitondrantsika ny endriky ny amin'ny tany no hitondrantsika ny endrik'ilay any an-danitra koa.» (1 Kor.15:49)

Ny tanjona hatra tany amboalohany ho an'ireo rehetra tena mpino dia ny hahazo anjara amin'ny fitsanganana amin'ny maty voalohany, sy ny fanovana endrika ary ny fampakarana.

«Fa ny fanantenana no namonjena antsika; nefà ny fanantenana hita dia tsy mba fanantenana intsony...?» (Rom.8:24). Noho ilay asa Fanavotana lavorary vita tao Golgota, isika dia tafaverina indray tamin'ny toetry ny olombelona mialoha ny fahalavoana. Ny hany sisa andrasana dia ny fanovana ny tenantsika.

Izany koa no nantenain'i Paoly raha nanao izy hoe: *«...mba ho fantatro Izy sy ny herin'ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiombonana amin'ny fijaliany ka hampitovina amin'ny endriky ny fahafatesany, raha mba misy hahatratrarako ny fitsanganana amin'ny maty.»* (Filip. 3:11)

Raha tsy misy isalasalana ny anaterana eny am-pasana ny vatana-tany iray, dia tsy misy isalasalana koa fa hitsangana amin'ny maty izy ho tonga vatana-fanahy. Toy izany koa no hanovana vatana ireo tena mpino ka mbola velona amin'ny Fiavian'ny Tompo ary hahazoan' izy ireo vatana-fitsanganana-amin'ny maty. *«Ry malala, ankehitriny aza dia zanak' Andriamanitra isika, nefà tsy mbola naseho izay ho toetsika rahatrizay. Fantatsika fa raha hiseho Izy, dia ho tahaka Azy isika, fa ho hitantsika Izy, dia izay tena endriny tokoa.»* (1 Jaona 3:2)

Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, izay voahombo ka natao tao am-pasana, dia nitsangana tamin'ny maty tao amin'ny Vatany ny andro fahatelo. Taorian'izany Izy dia niaraka tamin'ireo mpianany nandritra ny efapolo andro, niara-nihinana sy nisotro taminy, nampianatra azy ny momba ny Fanjakan'Andriamanitra (Lioka 24:36-49; Asa 1:3). *«Ary Jesosy nitondra azy hatrany Betania, dia nanandratra ny tànany ka nitso-drano azy. Ary raha mbola nitso-drano azy Izy, dia nisaraka taminy ka nakarina ho any an-danitra.»* (Lioka 24:50-51). *«Ary rehefa nilaza izany Jesosy, dia nakarina Izy, raha mbola njery izy ireo; ary nisy rahona nitondra Azy, ka tsy hitan'ny masonry intsony Izy. Ary raha mbola nandinika ny lanitra izy ireo tamin'ny nandehanan'i Jesosy, indreo, nisy*

roa lahy teo anilany niakanjo akanjo fotsy, izay nanao hoe: Ry lehilahy Galiliana, nahoana no mijanona eto mijery ny lanitra ianareo? iny Jesosy Izay nampiakarina niala taminareo ho any an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra.» (Asa.1:9-11)

Araka ny efa nomarihinay, ny Fiverenan'i Jesosy-Kristy dia tsy nofinofin'ny mpivavaka fa zavatra tena hisy marina sady ho arahana famantarana maro hita maso.

Hangidy amin'ny sasany izany fotoana izany, toy ny voasoratra ao amin'ny Lioka 17:34-36: «*Lazaiko aminareo fa amin'izany alina izany hisy roa lahy miray fandriana; ny anankiray horaisina, ary ny anankiray havela. Hisy roa vavy miara-mitoto vary; ny anankiray horaisina, ary ny anankiray havela. Hisy roa lahy any an-tsaha; ny anankiray horaisina, ary ny anankiray havela»* (Lioka 17:34-36)

ILAY HIAKA FIANTSOANA

Araka ny 1 Tesaloniana 4:16, zavatra telo no hitranga amin'ny Fiverenan'ny Tompo: *Haneno ny Hiaka fiantsoany, hanako ny feon'ny Arkanjely, ary ho tsofina ny trompetr' Andriamanitra.* Hitranga ireo rehefa hidina avy any an-Danitra ny Tompo mba hisintona ho any Aminy ireo Azy. Tsy ho ety ambonin'ny tany no hihaonan'ny Mpampakatra sy ny Ampakarina, fa tena eny amin'ny rivotra. (1 Tes. 4:17)

Ao amin'ny Jaona 11, dia afaka mahita ny vokatry ny Hiaka fiantsoany isika: «*Ary rehefa nanao izany teny izany Izy, dia niantso tamin'ny feo mahery hoe: Ry Lazarosy, mivoaha! Dia nivoaka ny maty...»* (Jaona 11:43-44)

Teo amin'ny Hazofijaliana rehefa nihiaka farany ny Tompo Jesosy dia «*...indro, ny efitra lamba tao amin'ny tempoly dia triatra nizara roa...; dia nihorohoro ny tany, ka nitresaka ny vatolampy; ary nisokatra ny fasana, ka maro ny fatin'ny olona masina izay efa nodi-mandry no natsangana,»* (Matio 27:52)

Ao amin'ny Jaona 5:25, dia efa nilaza Jesosy hoe: «*Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Avy ny andro ary tonga ankehitriny, izay*

handrenesan'ny maty ny feon'ny Zanak'Andriamanitra; ary izay mandre dia ho velona.»

Ny Feo fiantsoan'ny tompontsika dia Teny Mahery-Tsitoha. Izay teneniny dia tanteraka, izay baikoany dia tontosaina. Tsy miverina Aminy ny Teniny raha tsy efa mahavita izay nanirahana Azy. Mihazona ny zavatra rehetra Izy amin'ny alàlan'ny Herin' ny Teniny. Ny teny grika ($\chi \varepsilon \lambda \varepsilon v \alpha \tau \iota$), ao amin'ny 1 Tesaloniana 4:16, izay nadikan'ny mpandika hoe “hiaka fiantsoana” (*Darby*) na “famantarana iray” (*Segond*), dia milaza zavatra azo oharina amin'ireny baiko any amin'ny tafika ireny. Izany hiaka fiantsona izany no hivoaka rehefa hidina avy any an-Danitra ny Tompo. Izy io dia azo adika koa amin'ny hoe *antso mandòndona*. Ho fohazin’io hiaka fiantsoana io ireo izay nodimandry tao amin’i Kristy, vao hovana ireo velona ao amin’i Kristy. Dia amin’ izany no hanambarana ny fiandrianana sy ny fahefan’ny Tompon’ny tombo, izay manan-kery amin’ny fiainana sy ny fahafatesana, amin’ny fomba faran’izay manankaja indrindra.

Raha ny maha-Tsitoha ny Herin’ny Teniny voatonina no lazaina, ny Hebreo 12:26 dia vavolombelona mahery amin’izany: «...*Izay nampihorohoro ny tany fahiny tamin'ny Feony; fa ankehitriny Izy efa nanao teny fikasana hoe: "Indray maka koa tsy ny tany ihany no hampihorohoroiko, fa ny lanitra koa"* (*Hag. 2.6*).»

Ny Matio toko faha-25 dia miresaka ny amin’ny antso iray tao amin’ny mamatonalina, ary izany dia mialoha ny Fiverenan’ny Mpampakatra: «*Ary nony mamatonalina, dia nisy antso hoe: Indro ny mpampakatra! Mivoaha mba hitsena azy.*» (Matio 25:6). Izany dia antso mafy ety ambonin’ny tany, izay mamoha ireo olona azon-torimaso arapanahy mba hifantohany amin’ny Fiverenan’ny Tompo. Io antso io dia mamoha na ireo virijina hendry na ireo virijina adala. «*Dia nitsangana ireo virijina ireo, ka samy namboatra ny fanalany*» (Matio 25:7). Saingy, ireo adala tsy nanana ny solika fitaiza, dia tsy afaka niditra tao amin’ny Fampakaram-bady.

Raha ampitahaina ny teny grika ($\chi \rho \alpha v \gamma \eta$), midika “antso iray”ao amin’ny Matio 25:6 sy ny teny grika ($\chi \varepsilon \lambda \varepsilon v \alpha \tau \iota$), midika “hiaka

fiantsona” ao amin’ny 1 Tesaloniana 4:16, dia hita mazava fa zavatra roa samy hafa ireo. Raha ny voalohany maneho ny fahamehan’ny Hafatr’io fotoana io, izay haely maneran-tany amin’ireo mpino, ny faharoa kosa dia hiaka fibaikoana avy any an-Danitra izay hataon’ny Tompo eo ampidinany.

Amin’izao fotoana izao no maneno io antson’ny Matio 25. Io no ilay Hafatra izay mandòncona ny mpino mba hifohazany sy hanangonana azy ao amin’ny mana vaovao, dia ny Teny Fiainana. Ny Hafatr’Andriamanitra no Teny ho an’izao ora izao, izay mitahiry ireo teny fikasana rehetra ho an’izao andro izao. Tsy misy afa-tsy ireo izay tena mino marina araka izay voasoratra ary miandany tanteraka amin’Andriamanitra, no hiaina ny fanatanterahana izay nampanantenaina an’ny Ampakarina.

Raha mikasika ilay iraka nialoha lèlana an’i Kristy tamin’ny Fiaviany voalohany dia izao no voasoratra: «*Injany! misy feon’ny miantso...Injany! misy miteny hoe: Miantsoa....*» (Isaia 40:3,6). Ny mpamaky Baiboly rehetra dia mahafantatra fa tanteraka tao amin’ny minisiteran’i Jaona Mpanao batisa io faminaniana io. Ny tenany mihitsy no nijoro vavolombelon’izany: «*Izaho dia feon’ny miantso mafy any an-efitra hoe: Ataovy mahitsy ny lalan’i Jehovah, araka izay nolazain’Isaia mpaminany.*» (Jaona 1:23)

Ankehitriny, raha madiva hiverina Jesosy Kristy, dia miely maneran-tany ny Hafatry ny Teny voambara izay nankinina tamin’ilay anjely-iraka ho an’i Laodikia (Apok.3:14-22). Misy antso iray manakoako, dia mifoha amin’ny torimasonry ireo izay mandre izany ka manomana ny fanalany. Mamenno diloilo ny sininy koa ireo virijina hendry. Ananan’izy ireo ny zavatra anankiroa: ny Teny sy ny Fanahy. Mahalala izy ireo fa mamarana ny Asany ho amin’ny fahatanterahany ny Tompo, araka izany dia manongilana ny sofiny izy amin’ny Hafatra ho an’ny ankehitriny, dia ny Teny faminaniana ho an’izao fotoana izao, ka manolo-tena homanina ho an’ny andro be voninahitra izay ho avy.

Jaona Mpanao batisa, mpialoha lèlana ny Tompo tamin’ny Fiaviany voalohany, dia niteny hoe: «*Izay manana ny Ampakarina no Mpampakatra; fa ny sakaizan’ny Mpampakatra, izay mitsangana sy mihaino Azy, dia mifaly indrindra noho ny Feon’ny Mpampakatra; ary efa*

tanteraka izany fifaliako izany.» (Jaona 3:29). Ankehitriny, toy izany koa, dia tsy maintsy hampihainoana ny Feon'ny Mpampakatra ny Ampakarina, izany hoe ny Teny sy ireo Fampanantenany rehetra.

Toy ny nisian'ny hafatra faminaniana iray nialoha ny Fiavian'i Kristy voalohany, dia misy izany koa ankehitriny, mialoha ny Fiavian'i Kristy faharoa, Hafatra faminaniana iray. Izany ilay antso izay manako ankehitriny, ny Teny nampanantenaina ho an'izao ora izao, ny Hafatra ho an'izao fotoana izao, izay nitondra fanambarana an' ireo zava-miafina rehetra tao amin'ny Teny.

Ny fiantsoana hivoaka, ny hiaka famohazana sy ny fanomanana dia tsy maintsy misy mialoha ny Fiavian'ny Tompo. Hitan'ny apostoly Jaona tamin'ny fahitana ny Ampakarina, ka nanoratra izy hoe: «*Aoka isika hifaly sy ho ravoravo ka hanome voninahitra Azy; fa tonga ny fampakarambadin'ny Zanak'ondry. Ka efa niomana ny vadiny.»* (Apok.19:7)

NY FEON'ARIKANJELY

Manana lanjany manokana ny filazana ny feon'Arikanjely ao amin'ny 1 Tesaloniana 4:16. Izao no voasoratra ao amin'ny Hebreo 1:14: «*Tsy fanahy manompo va izy rehetra, nirahina hanao fanompoana ho an'izay handova famonjena?»*. Mandritra ny fampakarana, ny Mpamonjy dia maka ireo izay navotany, fa Satana sy ireo mpanaraka azy kosa dia atsipy ety ambonin'ny tany. Toy ny nahitan'i Jaona tamin'ny fahitana no hitrangan'izany: «*Ary nisy ady tany an-danitra: Mikaela sy ny anjeliny niady tamin'ilay dragona; ary ilay dragona mbamin'ny anjeliny kosa dia niady, nefo tsy naharesy, sady tsy nisy fitoerana ho azy intsony tany an-danitra. Ary nazera ilay dragona, dia ilay menarana ela, izay atao hoe devoly sy Satana (ilay fahavalox), izay mamitaka izao tontolo izao; dia nazera tamin'ny tany izy, ary ny anjeliny koa niaraka nazera taminy.»* (Apok. 12:7-9)

Indray mandeha monja ny Mpamonjintsika no nifandahatra tamin'i Satana, ary Izy naharesy azy sy ireo miaramilany: «*ary noreseny ka nobaboiny ny fanapahana sy ny fahefana, ary noho ny hazo fijaliana dia nasehony miharihary ny fitondrany ireo toy ny fanaon'izay avy*

nandresy.» (Kolos.2:15). Noreseny koa ny fahafatesana (1 Kor.15:54-55), ary notereny ny fiainan-tsy-hita hamoaka ireo maty, ka Izy ihany no nitondra azy ireo ho babo (Efes.4:8), rehefa nitsangana tamin'ny maty tamim-boninahitra Izy ny andro fahatelo. «...*Aza matahotra; Izaho no Voalohany sy Farany, dia Ilay velona; efa maty Aho, nefo, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita.*» (Apok. 1:17-18)

Fa izao ilay fahavalو trrainy dia mbola mitsangana miampanga ireo mpino amin' Andriamanitra. Noho izany dia mitoetra ho Mpisoronabe sy Mpisolovava antsika eo anatrehan' Andriamanitra i Kristy, ilay Mpanalanan'ny Fanekena Vaovao, mandra-pahatongavan' ny Fiagonana amin'ny fahatanterahany. Fa rehefa ho feno ny isan' ireo voavotra, ary izy ireo hiseho eo anatrehan' Andriamanitra “tsy misy pentimpentina na fiketronana”, tsy hisy na inona na inona ho vitan'i Satana intsony amin'ireo olom-boafidy ireo. Amin'izany fotoana izany no hanadarabohana azy sy ireo mpiaraka aminy ety ambonin'ny tany, amin-kery lehibe.

Araka ny efa hitantsika tao amin'ny Apokalypsy 12:7-9, dia ny arikanjely Mikaela no handrahona sy handroaka ilay fahavalо efa resy any amin'ny tokony halehany. Izy ihany ilay nifanditra tamin'ny devoly nikasika ny vatan'i Mosesy (Joda 9). Amin'ny fotoana voatendry amin'izany, dia mbola izy ihany no hitsangana hiaro ireo zanak'Isiraely, araka ny voasoratra hoe: «*Ary amin'izany andro izany dia hitsangana Mikaela, andrian-dehibe, izay mitsangana hiaro ny zanaky ny firenena...*» (Daniela 12:1). Tsy hahagaga ahy raha toa ka mbola izy ihany, mandritra ny fametrahana ny Fanjakana-arivo-taona, no hamatotra an'i Satana, sy hanipy azy ao amin' ny lavaka tsy-hita-nonoa (Apok. 20:1-3). Ny fampianarana izay milaza fa i Kristy ihany no Mikaela dia tena tsy marim-pototra. Ny marina dia Jehovah ao amin'ny Testamenta Taloha ihany no Jesosy ao amin'ny Testamenta Vaovao, ilay Tompo tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay. Mbola i Mikaela sy Gabriela tao amin'ny Testamenta Taloha ihany no Mikaela sy Gabriela ao amin'ny Testamenta Vaovao.

Tsy mba hifanandrina intsony ilay Mpandresin'ny Gologota sy ireo herin'ny fahavalalo efa resy izay mbola any amin'ny toeran-danitra (Efes. 6:10-17). «*fa Izy kosa,...dia efa mipetraka mandrakizay eo an-tanana ankavanana'Andriamanitra,...miandry mandra-panaony ny fahavalony ho fitoeran-tongony.*» (Hebreo 10:12-13). Amin'ny Fiverenan'ny Mpampakatra dia tsy hanao zavatra hafa Izy ankoatra ny mikarakara ny Ampakariny.

Matetika, rehefa misy fanambarana na fanazavana lehibe mikasika ny tantarn'ny Fanavotana, dia ny anjely Gabriela no voatonona (Daniela 8:16; 9:21). Izy ihany koa no nanambara tamin'i Zakaria ny fahaterahan'i Jaona Mpanao batisa (Lioka 1:19), ary tamin'i Maria ny hahaterahan'ny Tompo sy Mpamony (Lioka 1:26). Fa kosa rehefa ady sy fifandirana no misy, dia i Mikaela, iray amin'ireo arikanjely lehibe, no manam-pahefana amin'izany.

Tsy misy afa-tsy ireo singan'ny Ampakarina, ary ireo ihany, no hanana anjara amin'ny Fampakarana. Izao no voasoratra: «...ary izay efa niomana dia niara-niditra taminy tao amin'ny Fampakaram-bady, ary dia narindrina ny varavarana.» (Matio 25:10). Tsy afaka miditra ny varavarana Satana satria Jesosy no Varavarana. Koa dia mananika any-ho- any izy, satria izy ilay mpangalatra sy mpamono-olona (Jaona 10:1), noho izany dia hatsipy any ivelany izy.

Hitantsika ao amin'ny Matio 22 ny filazalazana ny efitrano Fampakaram-bady feno ireo olona izay nasaina. Izao no voalazan'ny andininy 11-13: «*Ary nony efa niditra ny Mpanjaka hizaha ny mpihinana, dia nahita lehilahy anankiray izay tsy niakanjo ny akanjo fitondra amin'ny Fampakaram-bady. Dia hoy Izy taminy: Ry sakaiza, ahoana no idiranao eto, nefo ianao tsy miakanjo ny akanjo fitondra amin'ny Fampakaram-bady? Dia sina izy. Ary dia hoy ny Mpanjaka tamin'ny mpanompony: Afatory ny tongony aman-tanany, dia ario any amin'ny maizina any ivelany izy; any no hisy ny fitomaniana sy ny fititroha-nify.*

Misy olona tafintohina amin'io teny “sakaiza” io; kanefa, Jesosy dia efa niantso toy izany an'i Jodasy, ilay hamitaka azy, izay efa nidiran'i Satana: «*Fa hoy Jesosy taminy: Ry sakaiza, ataovy izay nalehanao eto...*» (Matio 26:50). Afaka maka endriky ny anjelin'ny Fahazavana i

Satana, mitafy akanjo fotsy (2 Kor.11:14), saingy izy tsy mba ho afaka hitafy ny akanjon'ny Fampakaram-bady. Ny Ampakarina irery ihany no mitafy ny akanjo mangilatra sy be voninahitry ny Fampakaram-bady izay vita tamin' ireo “*asa marin’ny olona masina*” (Apok.19:8)

Toy izao no ilazana ireo mpandresy: «*Ary izy ireo naharesy azy noho ny amin’ny Ran’ ny Zanak’ondry sy ny teny filazana Azy, Ary tsy nankamamy ny ainy intsony izy, na dia ho faty aza.*» (Apok. 12:11) Ny fanarahana marina an’i Jesosy dia mihazona ireo tena zanak’ Andriamanitra tsy hiala eo amin’ny lèlanaefa nalehan’i Jesosy-Kristy, ilay Mpamonjy antsika, hany ka tanteraka ara-bakiteny ity Teny ity, hoe: «*Fa tsy misy velon-ko an’ny tenany isika, ary tsy misy maty ho an’ny tenany. Fa raha velona isika, dia velona ho an’ny Tompo; ary raha maty isika, dia maty ho an’ny Tompo; koa amin’izany, na velona na maty isika, dia an’ny Tompo ihany.*» (Romana 14:8). Toy ireo rehetra maty tao amin’i Kristy nohon’ny finoany, Paoly dia afaka niteny koa hoe: «...tsy izaho intsony no velona, fa Kristy no velona ato anatiko; ...» (Galat.2:20). Ho an’ireo izay te-ho tafiditra ao amin’ny Voninahitry, dia tsy faly hitory fotsiny, na koa hiresaka ireny zavatra ireny, fa tsy maintsy ho zavatra tena hiainany izany.

NY TROMPETRA

Ilay trompetra izay hotsofina amin’ny Fiavian’ny Tompo dia antsoina hoe “*Trompetran’ Andriamanitra*”, araka ny 1 Tesaloniana 4:16. Tao amin’ny Testamenta Taloha dia nisy fotoana manokana izay nitsofana ny trompetra. Fony nidina teo an-tendrombohitra Sinay ny Tompo, dia nahita lelafo sy tselatra ny vahoaka, ary nandre kotrokorana sy fitsofana trompetra mahery izy (Eks.20:18). Ny *Jobily*, izay antsoina koa “taona fitsofana ny anjomara”, dia natomboka tamin’ny fitsofana mafy ny trompetra tamin’ny andron’ny fanavotana (Lev.25:8-12).

Ny firesahana trompetra tao amin’ny Soratra Masina, mandrakariva dia nifandraika tamina sehon-javatra tsy fahita andavanandro izay madiva hitranga. “*Trompetran’ Andriamanitra*” no ampifandraisina amin’ny Fiverenan’i Jesosy-Kristy, satria amin’izany fotoana izany no hamaranan’ny Tompo ny Drafi-Panavotany be voninahitry izay nomaniny

ho an'ireo Olom-boafidiny. Haintsika fa ny fomba niakarany tany an-Danitra iny ihany no fomba hiverenan'ny Tompo. Mikasika izany, dia hitantsika ao amin'ny Salamo 47:5 ity teny faminaniana ity: «*Efa niakatra tamin'ny fihobiana Andriamanitra, Jehovah niakatra tamin'ny fitsofana ny anjomara.*». Rehefa tsofina ny trompetran' Andriamanitra, midika izany fa antsoina amin'ny Firavoravoana lehibe ao amin'ny voninahitra ireo olom-boafidy. Efa nolazain'i Paoly ny fomba sy ny fotoana ahatongavan'izany: «...*fa vetivety, toy ny indray mipi-maso, rehefa maneno ny trompetra farany, dia hovana isika rehetra; fa hotsofina ny trompetra,...*» (1 Kor. 15:52)

Amin'ny antso mandòndona, sy ny feon'arkanjely, ary ny trompetran' Andriamanitra no hiverenan'i Jesosy-Kristy mba hampakatra ireo navotany (ireo efa nodimandry sy ireo mbola velona), ka tsy ho tratry ny fahatezeran' Andriamanitra sy ny fahoriana lehibe izy ireo. Amin'io seho lehibe indrindra amin'ny tantaran'ny fanavotana io, ny Fampakarana ny Ampakarina, no miafara ny andron'ny Fahasoavana ho an'ny firenena jentilisa. Aorian'io, dia mitodika indray amin'ny Vahoakany ao Isiraely Andriamanitra (Rom. 11:25-27). Mikasika izany tranga lehibe izany, ny mpaminany Isaia dia miteny fitsofana trompetra iray lehibe koa (Isaia 27:13)

Toy ny tselatra no ho Fiavian'ny Tompo, izany hoe tampoka, toy ny indray-mipi-maso. Ireo izay tena vonona amin'izany fotoana izany no hampakarina am-boninahitra. Toy ny nampakarana an'i Enoka, ilay fahafito aorian'i Adama, ka tsy hita tetè an-tany intsony izy, ireo singan'ny Ampakarina dia hampakarina ka tsy ho eto ambonin'ny tany intsony, amin'ny fiafaran'ireo taom-Piangonana fito.

NY FEPETRA

Ity Teny manaraka ity no milaza mazava tsara ny fepetra ahazoana izany tanjona avo loatra izany: «*Ary raha ny Fanahin'izay nanangana an'i Jesosy tamin'ny maty no mitoetra ao anatinareo, dia Izay nanangana an'i Kristy Jesosy tamin'ny maty no hamelona ny tenanareo mety maty, noho ny Fanahiny, Izay mitoetra ao anatinareo.*» (Rom. 8:11) Tsy hosotry ny

Fanahy no resahina eto, izay mety ananan'olona an-tapitrisany maro, fa kosa tena "fitoerana ao anaty". Ny teny "raha" dia manana lanja lehibe. Raha ny Fanahy, ary miaraka aminy ny Heriny, no mitoetra ao anatintsika, izany hoe monina ao anatintsika, dia ho tanteraka izany, raha tsy izany dia tsy tanteraka izany. Araka ny Tenin'ny Tompo, dia hisy kristy sandoka maro ho avy, izay hanana minisitera "voahosotra", hanao famantarana sy fahagagana, saingy ireo dia hanana fampianarana fototra hitovy amin'ny an'ilay mpaminany sandoka (Matio 24).

Ny finoana ara-Baiboly dia mifantsika mandrakariva amin'ireo teny fikasana sahaza izay nomena antsika ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. «*Fa na firy na firy ny teny fikasan'Andriamanitra, dia ao aminy ny Eny, ary amin'ny alalany koa ny Amena, ho voninahitr'Andriamanitra amin'ny ataonay.*» (2 Kor. 1:20). Ny finoana tena ara-Baiboly dia tsy mipoitra afatsy avy amin'ny toriteny izay araka ny Soratra Masina. «*Koa ny finoana dia avy amin'ny toriteny, ary ny toriteny kosa avy amin'ny Tenin'i Kristy.*» (Rom. 10:17). Marina izany ho an'ny famonjena, ho an'ny fanasitranana ary ho an'ireo teny fikasana hafa rehetra, ary marina koa izany ho an'ny finoan'ny fampakarana. Izany no tonga dia avy tamin'ny Hafatra voatendry ho an'izao fotoana izao, ilay Teny voambara izay miteraka ny fiandrasana sy ny fanantenana. «*Ary ny fanantenana dia tsy mampahamenatra, satria ny Fanahy Masina, Izay nomena antsika, no nentiny nampidina ny fitiavana an'Andriamanitra ho ao am-pontsika.*» (Rom. 5:5). «*Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita.*» (Hebreo 11:1)

Miara-miasa ao amin'ireo navotana ny Teny sy ny Fanahin' Andriamanitra. Ny Fanahin'ny teny fikasana dia tonga amin'ireo izay nandray ny Tenin'ny Teny fikasana. Amin'ny maha-Mpananatra Azy, dia tsy maintsy monina ato anatintsika ny Fanahy; fa tsy ampy raha hosotra fotsiny. Toy ny nidinan'ny Fanahy teo amin'i Kristy, ilay Lahimatoa (Matio 3:16), ka nitoerany tao Aminy, ary nahafahany nitaky ireo Zony tamin'ny Vatan-taniny, no ataony koa amin'ireo rehetra manana ny fizokiana: mandray ny santatry ny Fanahy izy ireo (Rom.8:29) ahazoany ny voninahitra izay noresahin'i Paoly matetika. «*Fa isika rehetra kosa amin'ny tava tsy misarona dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny*

amin'ny fitaratra, ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin'ny Tompo, dia ny Fanahy.» (2 Kor. 3:18)

Na iza na iza maniry ny hiovan'ny vatany izay mety maty dia tsy maintsy mitondra ao anatiny ny herin' Andriamanitra maha-tsy-mety-maty. Tsy maintsy efa nandray ny Fiainana mandrakizay izy rehefa avy tena nateraka indray, ka nataon'ny Fanahy Masina tombo-kase. «...izay nanantena an'i Kristy rahateo. Ao aminy koa ianareo, rehefa renareo ny tenin'ny fahamarinana, dia ny filazantsara famonjena anareo, -eny, ao aminy koa ianareo, rehefa nino, no nasiana tombo-kase tamin'ny Fanahy Masina araka ny teny fikasana. Izany Fanahy izany no santatry ny lovantsika ho amin'ny fanavotana ny olona izay nalaindy ho an'ny tenany, ho fiderana ny voninahiny.» (Efes. 1:12b-14)

Tsy avy ivelany mankao anatiny ny fanovana, fa tena avy ao anatiny mankao ivelany. Tsy maintsy misy aloha fanavaozana ny fanahy, vao afaka monina ao amin'io fanahy io ny Fanahin' Andriamanitra, ka amin'ny farany dia ho afaka hovelomina ny tenantsika mety maty noho ny Fanahy monina ao anatintsika. Ny Fanahy Masina no herin' Andriamanitra izay mahatonga izany ho tena zava-misy.

Misy fahasamihafana lehibe amin'ny hosotry ny Fanahy izay maro no manana azy, sy ny tombo-kasen'ny Fanahy izay tsy omena afa-tsy amin'ireo izay ho tonga amin' ny fanovana vatana. Ny ohatr'i Abrahama dia mampianatra fa mifandraika amin' ny fifidianana izany. Voafidy ilay Rain'ny finoana ary nandray ny teny fikasana. Nino izy ka nankatò an' Andriamanitra. Izany no nisaina ho fahamarinany. Taorian'izany dia nomen' Andriamanitra azy ny tombo-kasen'ny fanamarinana noho ny finoany, dia ny famorana (Rom.4).

Ny tombo-kasen'ny Fanahy Masina dia tsy mety ho azon'ny olona raha tsy izy – toa an'i Abrahama – anisan'ireo izay voantso hivoaka an'i Babylona. Miasa ao anatiny ny famorana ny fo, ary mandray ny fomban' Andriamanitra izy, dia ny Teny fikasana ho an'ny fotoanany. Toy izany no anamarinana azy ireo. Isaka, ilay zanakalahy nampanantenaina an'i Abrahama, dia izy mihitsy no teny fikasana nanjary zava-nisy, koa dia mpandova ny fananana rehetra an'ny rain'ny finoana izy. Mikasika ny tena

mpino marina dia izao no lazain'i Paoly: «*Fa isika, ry rahalahy, dia zanaky ny teny fikasana tahaka an'Isaka.*» (Galat.4:28). «...fa avy amin'Isaka no hantsoina izay taranaka ho anao. Izany hoe: *Tsy ny zanaky ny nofo no zanak'Andriamanitra; fa ny zanaky ny teny fikasana no isaina ho taranaka.*» (Rom. 9:7-8) Ny Tenin'ny teny fikasana (Rom.9:6) sy ny Fanahy Masina nampanantenaina (Asa 2:33) dia raisin'ireo zanaky ny teny fikasana. Izany ilay Fanahin'ny fananganan-janaka izay mampitoetra antsika ho zanak'Andriamanitra, ary noho izany dia mpandova an'Andriamanitra isika, sady mpiara-mandova amin'i Kristy (Rom. 8:15-17).

Nohon'ny Fahalalany mialoha, Andriamanitra dia afaka nanendry ho amin'ny Fiainana mandrakizay mba ho Zanany ireo izay ho mpino (Efes. 1:5). Izy ireo no tsy maintsy hovana haka ny endriky ny Zananilahy (Rom. 8:28-30).

Maro ireo mpino izay mahazo hosotry ny Fanahy, ary ahavitany zavatra be voninahitra izany; saingy izy dia mandeha amin'ny lâlany manokana fa tsy mety hilahatra amin'ny Tenin'Andriamanitra. Azo lazaina ho maivan-doha ny olona toy izany noho izy mijanona amin'ny fombandrazany nahazatra azy, ary noho izany, andalovany ireo teny fikasana nomena ny Fiagonana amin'ny androny. Amin'izany dia izy ihany no manambara fa tsy manana anjara amin'izay ataon'Andriamanitra izy mba hahatongavana amin'ny fahatanterahana. Tsy afaka hamindra miaraka amin' Andriamanitra ny olona raha tsy mino ireo Tenin'ny Soratra Masina amin'ny fony rehetra izy, ary mahafantatra ny teny fikasana mifandraika marina amin'ny andro ihainany. Tsy mety ahafinaritra an'Andriamanitra ny fiainanao afa-tsy raha mifanaraka tanteraka Aminy ianao amin'ny alàlan'ny Fanahy sy ny Teny.

Raha niteny mikasika ny fanehoana ireo zanak'Andriamanitra i Paoly, dia navoitrany mazava tsara ny tiany holazaina, ka nosoratany hoe: «*Fa izay tarihin'ny Fanahin' Andriamanitra no zanak'Andriamanitra.*» (Rom. 8:14). Jesosy dia nilaza fa ny Fanahin' ny Fahamarinana no hitarika antsika amin'ny marina rehetra, ary ny zavatra ho avy aza dia hambarany amintsika (Jaona 16:13). Ity fankaherezana manaraka ity dia mitodika amin'ireo izay tena nandray ny Fanahy Masina ary mametraka ny

fitokisany tanteraka amin'ny Teny: «*Ary aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, Izay nanisiana tombo-kase anareo ho amin'ny andro fanavotana.*» (Efes. 4:30). Tsy misy afa-tsy ireo izay mandre marina izay lazain'ny Fanahy amin'ny Fiagonana, tsy misy afa-tsy ireo izay tena mihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny Fiagonana –izany hoe ireo mpandresy– no hanana anjara amin'ny Fanasan'ny Fampakaram-bady. Dia ho afaka hanambatra ny feony amin'ireo mpidera any an-Danitra ireo olo-marina ireo, hihira hoe: «...*Haleloila! Fa ny Tompo Andriamanitsika, dia ny Tsitoha, no Mpanjaka. Aoka isika hifaly sy ho ravoravo ka hanome voninahitra Azy; fa tonga ny Fampakaram-badin'ny Zanak'ondry. Ka efa niomana ny vadiny. Ary nasaina nitafy rongony fotsy madinika sady madio no mangatsakatsaka izy; fa izany rongony fotsy madinika izany dia ny asa marina ataon'ny olona masina.*» (Apok. 19:6b-8). Izany dia hamafisin' ny teny manaraka, hoe: «*Ary hoy koa izy tamiko Soraty: Sambatra izay nantsoina ho amin'ny fanasana fampakaram-badin'ny Zanak'ondry. Fa hoy izy tamiko: Ireo dia teny marin'Andriamanitra.*» (Apok.19:9)

NY FIRAFITRY NY FOTOANA

Raha vao natsipy niala tany an-Danitra ny devoly, ilay menarana ela, dia izao no voalaza: «*Ary noho izany misalia, ry lanitra sy ianareo izay monina ao aminy. Loza ho an'ny tany sy ny ranomasina! Fa nidina ho aminareo ny devoly sady manana fahatezerana lehibe, Satria fantany fa kely sisa ny androny.*» (Apok. 12:12). Miharihary fa izany dia mandritra ny elanelam-potoana fohy hisy amin'ny fampakarana ny Ampakarina sy ny fiandohan'ny Fanjakana-arivo-taona. Amin'izany fotoana izany no hanamparan'i Satana ny fahatezerany amin'ny tany amin'ny alàlan'ny Antikristy. Dia hiditra ao amin'ny lehilahin'ota, ilay solontenany izy, ary haneho miharihary ny maha-izy azy (1 Tes.2:7-8). Ary satria Satana tsy nahatelina ny vondron'ny mpandresy, ireo izay ho tonga amin'ny toetry ny «*lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy;*» (Efes.4:13), ireo izay tondroin'ny Apokalypsy 12 amin'ny hoe “zazalahy”, dia midodododo hisambotra ny Fiagonana mbola tavela izy. Ny Fiagonana no aseho toy ny vehivavy hiteraka zazalahy izay «*izay efa hanapaka ny firenena rehetra amin'ny tehim-by*» (Apok.12:5). Tsy Kristy

irery ihany no tondroin'io teny io, fa koa io dia anisan'ireo teny fikasana fito izay nomena ny mpandresy. «*Ary izay maharesy ka mitandrina ny asako hatramin'ny farany dia homeko fahefana amin'ny jentilisa; ary hiandry azy amin'ny tehim-by izy...*» (Apok. 2:26-27)

Ny fomba fitenin'ny Baiboly dia maneho ho “vehivavy” iray ny firenen’Isiraely aloha tao amin’ny Testamenta Taloha, vao ny Fiagonana. Ny bokin’ny Apokalypsy dia miresaka fiagonana anankiroa tena samy hafa, dia ny Fiagonan’i Kristy sy ny an’ny Antikristy. Ny Fiagonan’i Kristy no asehon’ny Apokalypsy 12, fa ny Apokalypsy 17 kosa maneho ny fiagonan’ny Antikristy.

Ao amin’ny Apokalypsy 12, dia nahita vehivavy iray izay nitafy ny masoandro i Jaona. Izany midika fa Jesosy-Kristy, ilay Masoandron’ny Fahamarinana, no mampimiratra hazavana eo amin’ny Fiagonany. Ireo tongotr’io vehivavy io dia manitsaka ny volana; fanehoana izany fa ny Teny faminaniana nomena tao amin’ny Testamenta Taloha no fototra ijoroan’io vehivavy io. Toy ny volana tarafin’ny hazavan’ ny masoandro no mampazava azy, ny Testamenta Taloha dia hazavain’ny fiposaky ny Masoandron’ny Fahamarinana ao amin’ny Testamenta Vaovao, sy ny fahatanterahan’ ireo faminaniana, ary ampamiratany io Hazavana io. Ary ny satro-boninahitra kintana roa ambin’ny folo amin’ny lohan’ilay vehivavy dia maneho ny fampianaran’ireo apostoly roa ambin’ny folo izay isatrohan’ny Fiagonan’ny Testamenta Vaovao (Asa 2:42).

Ny taom-Piangonana rehetra dia nisiana hatrany ireo voantso sy ireo voafidy. Ireo voafidy no manome ny vondron’ny mpandresy, fa ireo singan’ny Fiagonana izay tafajanona aoriana kosa no ireo voantso. Ireto farany dia madio sy masina koa; ary izany no anehoana azy ho virijina ao amin’ny fanoharana izay nomen’ny Tompontsika. Saingy antsoina “adala” izy ireo mba anavahana azy amin’ireo virijina hendry izay miditra ao amin’ny efity ny Fanasan’ny Fampakaram-bady (Matio 25).

Ilay Fiagonana tafajanona eto an-tany dia arovana amin’i Satana aloha, ka toa an’Isiraely fahiny tany an’efitra, dia ho velomina amin’ny fomba mahagaga: «*Ary ravehivavy kosa nandositra nankany an-efitra, izay nisy fitoerany namboarin’ Andriamanitra, mba hovelomina any enim-polo amby roan-jato amby arivo andro izy.*» (Apok. 12:6). «*Ary ilay*

vehivavy nomena ny elatra roa an'ny voromahery lehibe hanidinany ho any an-efitra, ho any amin'ny fitoerany, izay itaizana azy fetr'andro iray sy fetr'andro roa ary antsasaky ny fetr'andro, mba tsy ho hitan'ilay menarana izy.» (Apok. 12:14). Ny faharetan'ny fotoana izay hiarovana sy hamelomana azy dia nomena antsika mazava tsara, izany dia telo taona sy tapany.

Avy eo dia hitantsika ny vondrona fahatelo izay idodododoan'i Satana: «*Dia tezitra tamin'ilay vehivavy ny dragona ka lasa nandeha hiady tamin'ny zanany sisa, izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy mitana ny filazana an'i Jesosy.»* (Apok. 12:17). Ireto zanany sisa ireto dia tsy isalasalana fa ireo Israélita 144.000. Voa iray nipoirana amin'ireo teo aloha ihany izy ireto, fa fotsiny hafa ny toerany. Ao amin'ny Apokalypsy 14 izao no voalaza ny amin'izy ireo: «*Ireo no tsy voaloto tamin'ny vehivavy, fa virijina izy...»* (Apok. 14:4). Midika izany fa izy ireo tsy mba ho tao anatina vondrona kristiana na oviana na oviana. Ny antso hivoaka ho an'ireo 144.000 ireo dia tsy hanako raha tsyefa niakatra ny Fiagonana-Ampakarina, ary izany dia amin'ny alàlan'ny minisiteran' ireo vavolombelona roalahy. Hiova fo izy ireo ka hasiana tombo-kase alohan'ny hikapohan' ny fahatezeran' Andriamanitra (Apok.7:1-8).

Ny mpaminany Daniela dia nahazo fanazavana maro mikasika ireo fotoana natokana ho an'Isiraely ao amin'ny Planin'Andriamanitra. Ny olona izay mahalala tsara ny fitsinjarana ireo fotoana ireo dia afaka mandahatra tsara ny zavatra hitranga anelanelan' ny fampakarana sy ny fametrahana ny Fanjakana-arivo-taona. Ao amin'ny Daniela 9:24-27 no iresahany ny amin'ny herinandro fitopolo, izay amin'ny lafin'ny faminaniana dia tsy maneho herinandron'andro fa herinandron-taona. Araka ny andininy faha-24 izy ireo dia tsy mety mahakasika afa-tsy an'Isiraely sy ny tanàna masina Jerosalema.

Vanimpotoana telo no voalaza ao: voalohany fito herinandron-taona, faharoa roa amby enimpolo herinandron-taona, ary fahatelo herinandro iray. Ny tena manana lanja lehibe dia ny amonoana ilay "Voahosotra", dia i Kristy, ny Mesia, amin'ny fiafarany herinandro faha roa amby enimpolo (and.26), rehefa avy nandalo ireo herinandro fito voalohany. Izao no vakintsika ao amin'ny andininy faha-27: «*Ary hanorina fanekena ho*

herinandro amin'ny maro izy (ny printsy, ny Antikristy) ary hampitsahatra ny fanatitra alatsa-drà sy ny fanatitra hafa hatramin'ny antsasaky ny herinandro, ary amin'ny elatry ny fahavetavetana no nihavian'ny mpandrava, hatramin'ny fahafonganana voatendry, izay haidina amin'ny mpandrava.».

Hatramin'ny namoahana ny didy hanamboarana an'i Jerosalema (445 taona mialoha ny nahaterahan'i Kristy) ka hatramin'ny nahafatesan'ilay Voahosotra, ny Mesia, dia nisy 483 taona katroka, izany hoe fito in-tsivy amby enimpolo (69 x 7) taona. Raha vao tapitra ny andron'ny fahasoavana ho an'ny Jentilisa ary tanteraka ny fampakarana ny Ampakarina dia hanomboka ny herinandro farany ho an'Isiraely. Ny tapany voalohany amin'izany dia natokana ho an'ny fanompoan'ireo vavolombelona roalahy, fa ny faharoa kosa dia ho an'ny fahoriana lehibe.

Araka ny Apokalypsy 11, mandritra ny telo taona sy sasany no hanompoan'ireo mpaminany ireo, ary ho voantso sy ho vita tombokase mandritra izany ireo 144.000, avy amin'ireo foko 12 an'Isiraely, izay voalazan'ny Apokalypsy 7:3-8. Izao no vakin'ny andininy faha-3: «*Aza manimba ny tany, na ny ranomasina, na ny hazo, mandra-panisianay tombo-kase eo anin'ny handrin'ny mpanompon' Andriamanitsika.»* (Apok. 7:3). Izany midika fa ireo telo taona sy tapany hisian'ny fitsarana sy fahatezeran' Andriamanitra dia tsy afaka hanomboka raha tsy efa vita tombo-kase avokoa ireo 144.000. Amin'izany fotoana izany no hahatanteraka ilay faminanian'ny mpaminany Zakaria milaza fa hisy fanahim-pahasoavana sy fibebahana hirotsaka amin'ny zanak' Isiraely, hany ka «...*hijery Ahy Izay nolefoniny izy, ary hisaona Azy...*» (Zak.12:10)

Ireo Jiosy tamin'ny Fiaviany voalohany dia sady tsy nahafantatra no tsy nandray ny Mesia (Jaona 1:11). Toy ny tsy nampahafantaran'i Josefa ny tenany tamin'ireo rahalahiny raha tsy tamin'ny fihaonany faharoa taminy (Asa. 7:13), dia tsy hahafantatra ny Mesia koa ireo Jiosy ireo raha tsy amin'ny Fiaviany faharoa any aminy. Naka vady tamin'ny firenena jentilisa i Josefa. Navelany tao an-dapany io vadiny io rehefa nampahafantatra ny tenany tamin'ireo rahalahiny izy, ary tsy nisy olon-kafa nanatrika izany. «...*dia niantso izy ka nanao hoe: Avoahy ny olona rehetra hiala eto amiko. Ary dia tsy nisy olona na dia iray aza nijanona*

teo amin'i Josefa, raha nanao izay hahafantaran' ny rahalahiny azy izy.» (Gen. 45:1)

Toy izany koa, rehefa ho avy nampakatra ny Vadiny i Kristy ka ho nitondra Azy ao amin'ny Fanasana ny Fampakaram-badin'ny Zanak'ondry, dia havelany ao an-Dapany any an-Danitra izy, ary Izy irery, tsy hisy na iza na iza hiaraka Aminy, no hampahafantatra ny Tenany amin'ireo Rahalahiny, ary izany dia rehefa ho feno ny isany ka ho vita tombo-kase izy ireo. Izany no Fiaviany voalohany AORIAN'ny Fiverenany sy ny fampakarana. Mifandraika amin'izany, dia nahita Azy i Jaona, amin'ny endrika Zanak'ondry niaraka tamin'ireo 144.000 teo amin'ny tendrombohitra Ziona (Apok.14). Ny tendrombohitra Ziona no ivotoeran'ny hetsik'Andriamanitra manerana izao tontolo izao, ary ho eo aminy Izy rehefa hampahafantatra ny Tenany. «*Ary hofoanany eto amin'ity tendrombohitra ity, ny sarona izay manarona ny olona rehetra sy ny rakotra izay arakotra ny firenena rehetra.»* (Isaia 25:7)

Dia ho fantatr'Isiraely amin'izany fotona izany fa mbola mitoetra ny fanekena nataon' Andriamanitra taminy. Fony nanome ny Lalàna ny Tompo-Andriamanitra, dia nidina teo an-tendrombohitra Sinay Izy, tamin'ny endrika Anjely mety hita. Izany no ilazana Azy ho “*Anjelin'ny fanekena*” (Malakia 3:1) rehefa fanekena no resahina. Ny amin' izany indrindra no resahin'i Stefana, ao amin'ny Asa 7:38, raha niteny mikasika an'i Mosesy izy, hoe: «*Izy ilay teo amin'ny fiangonana tany an-efitra mbamin'ny Anjely izay niteny taminy tany an-tendrombohitra Sinay sy tamin'ny razantsika...»*

Rehefa avy nampahafantatra ny Tenany tamin'ireo Rahalahiny ny Tompo, dia, araka ny Apokalypsy 10, amin'ny maha-Tompony voalohany Azy, dia mametraka ireo Tongony amin'ny tany sy ny ranomasina ho fitakiana ireo Zo ananany araky ny rariny sy ny hitsiny. Izany no Fiaviany faharoa aorian'ny Fiverenany ho an'ny Fiangonana-Ampakarina. «*Ary hitako fa, indro, nisy anjely mahery anankiray koa, nidina ary tany andanitra sady nitafy rahona; ary ny avana dia teo amin'ny lohany, ary ny tavany dia tahaka ny masoandro, ary ny tongony tahaka ny andry afo*» (Apok. 10:1). Ao amin'ny Soratra Masina, ny avana no famantarana ny

fanekena (Gen.9). Ao amin'io toko io dia impito no tenenina ny fanekena, ary indimy ny avana amin'ny maha-famantarana ny fanekena azy.

Raha nahita ny Tompo teo amin'ny Seza-fiandrianany Ezekiela dia hoy izy hoe: «...ka nisy namirapiratra manodidina azy. Toy ny tarehin'avana amin'ny rahona amin' ny andro nisy ranon'orana no tarehin'ny namirapiratra manodidina.» (Ezek. 1:27-28). Mbola toy izany ihany koa no hitantsika ao amin'ny Apokalypsy 4:2-3: «...ary indro sezafiandrianana nipetraka tany an-Danitra, ary nisy Anankiray nipetraka teo ambonin'ny sezafiandrianana. Ary ny tarehin'Ilay nipetraka dia tahaka ny vato jaspy sy karneola; ary avana mitarehin'emeralda no nanodidina ny sezafiandrianana.» (Apok. 4:2-3). Ny avana dia mampahafantatra mazava tsara fa manan-kery ho an'Isiraely koa ny Fanekena vaovao. «Ary izao no fanekeko aminy, raha manaisotra ny fahotany Aho (Isa. 59:20-21; 27:9).» (Rom. 11:27; Heb. 8:6-13)

«Ary nitàna boky kely nivelatra teny an-Tanany Izy...» (Apok. 10:2). Izany midika fa ilay boky voafehy tombokase, amin'ny fotoanan'io Fiaviany io, dia efa nosokafana. Dia nametraka ny Tongony havanana eo amin'ny ranomasina Izy, ary ny ankavia eo amin'ny tany, dia «niantso tamin'ny feo mahery Izy, tahaka ny fieron'ny liona...» (Apok. 10:3). Hitantsika eto fa ilay Zanak'ondry izay maneho ny fanavotana dia miova ho Liona izay maneho ny Mpanjaka. Ho an'ireo 144.000 natao tombokase ireo dia Zanak'ondry aloha Izy, ilay Mpanavotra azy: «...Ireo no manaraka ny Zanak'ondry na aiza na aiza no alehany. Ireo no navotana avy tamin'ny olona ho voaloham-bokatra ho an'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry.» (Apok. 14:4). Mbola ny amin'izany ihany no itenenan'ny mpaminany Hosea hoe: «Harahin'ireny Jehovah, hierona toy ny liona Izy; Eny, Izy no hierona, dia hanatona amin-kovitra avy any andrefana ny zanaka.» (Hosea 11:10). Mbola manako izany koa ny tenin'ny mpaminany Amosa: «...Jehovah mierona ao Ziona ary mampikotroka any Jerosalema...» (Amosa 1:2). Joela koa dia manao hoe: «Jehovah mierona ao Ziona, ary mampikotroka ao Jerosalema, ka hihorohoro ny tany amandanitra; Fa Jehovah no fialofan'ny olony sy fiarovana mafy ho an'ny Zanak'Isiraely.» (Joela 4:16)

Ao amin'ny Apokalypsy 5, naseho toy ny Liona ihany koa ny Tompo: «...*indro, ny Liona avy amin'ny firenen'i Joda, dia ny Solofon'i Davida, no efa naharesy ka hanokatra ny boky sy hamaha ny tombo-kaseny fito.*» (Apok. 5:5). Jakoba, fony nitso-drano an'i Joda zanany, dia nanonona tao am-Panahy ity faminaniana ity: «*Zana-diona, Joda,...Ny tehim-panjakana tsy hiala amin'i Joda, na ny tehina fanapahana eo anelanelan'ny tongony, mandra-pahatongan'i Silo, ka hanoa Azy ny firenena.*» (Genesisy 49:9-10).

«...*Ary nony niantso Izy, dia nikotroka ny kotrokorana fito.*» (Apok. 10:3). Ny Feon'Andriamanitra miteny dia toy ny kotrokorana: «*Mihainoa dia mihainoa ny fikotrokotroky ny Feony...*» (Joba 37:2) «...*Dia nisy feo avy tany an-danitra...Ary ny vahoaka izay nitsangana teo ka nahare dia nanao hoe: Kotrokorana izany...*» (Jaona 12:28-29)

Ny zavatra nolazain'ireo kotrokorana fito dia natao tombokase ary tsy nosoratan' i Jaona. Noho izany tsy anisan'ny Tenin'Andriamanitra voasoratra, ka tsy mety hotorina (Apok.13; 2 Tim.4:1). Ny zavatra nolazain'ireo kotrokorana ireo dia mifandraika amin'ny hetsika miafina izay ho hataon'Andriamanitsika amin'ny fotoana izay hahatanteraka izany zava-miafina izany. Amin'izany indrindra io Anjaly mahery io no «... *nanangana ny tànany ankavanana ho amin'ny lanitra, ary nianiana tamin'izay velona mandrakizay mandrakizay, dia Ilay nahary ny lanitra sy ny ao aminy ary ny tany sy ny ao aminy ary ny ranomasina sy ny ao aminy fa tsy hisy andro intsony.*» (Apok. 10:5-6)

Efa nahita izany mialoha ny mpaminany Daniel, ary ao amin'ny toko faha-12 ao amin'ny bokiny izy no miresaka izany. Nanontany izy mandra-pahoviana ny hiafarlan' ireo zavatra mahagaga ireo? Ny valin'izany dia tokana ihany ny dikany: «*Ary ilay lehilahy mitafy rongony fotsy, izay teo ambonin'ny rano amin'ny ony, dia nanandratra ny tànany ankavanana sy ny tànany ankavia ho amin'ny lanitra ka reko nianiana tamin' Izay velona mandrakizay izy fa ho fetr'andro iray sy fetr'andro roa ary antsasaky ny fetr'andro; ...*» (Daniela 12:7). Araka io andalana io, fantatsika fa hatramin'ny nianianan'ilay Anjely ka hatramin'ny fandrodanana ny rafitra manontolon'izao tontolo izao dia misy telo taona sy sasany katroka, vao hanomboka ny Fanjakana-arivo-taona.

Fintinintsika indray mandeha indray izany: Telo taona sy sasany no hanatantaterahan'ireo mpaminany roalahy ny minisiterany. Mandritra izany tsy misy afaka hanao na inona na inona aminy satria hanana ny hery tsy hay toherina avy amin' Andriamanitra izy ireo: «...*misy afo mivoaka amin'ny vavany ka mandany ny fahavalony....*» (Apok. 11:5-6). Mampatsiahys antsika an'ny mpaminany Mosesy sy Elia ny minisiteran'izy ireo. Tsy mitombona ny fanombanana fa i Henoka ny iray amin' izy roalahy ireo. Amin'ny maha fahafito aorian'i Adama azy, Henoka dia maneho ireo izay mbola velona amin'ny famaranana ny taom-Piangonana fahafito, ka hovana ary hampakarina, fa tsy mandalo amin'ny fahafatesana. Mosesy sy Elia no niaraka tamin'i Jesosy teo amin'ny tendrombohitry ny fiovan-tarehy (Matio 17). Ny anaran'izy roalahy dia voateny ao amin'ny andininy telo farany ao amin'ny Testamenta Taloha (Malakia 3:22-24).

Ho vokatry ny fitorian'ireo vavolobelona roalahy ireo, rehefa tapitra ny minisiterany, dia ho tafangona eo amin'ny tendrombohitr'i Ziona ireo Jiosy 144.000. Ireto farany no hatonin'ny Tompo rehefa hidina Izy, ka miseho aminy ho ilay Mesia, ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra. Amin'izany fotoana izany ihany no ho tonga saina ireo Isiraelita fa manana anjara amin'ny Faneken'ny Testamenta Vaovao koa izy, ary ireo hamantatra iza ilay Antikristy. Tsy iza izany, fa ilay ho efa nanaovan' Isiraely fanekena ho fito taona, kanjo ho tapahiny izany, amin'io fotoana io indrindra (Dan.9:27). Amin'ny alàlan'izany no hanombohan'ny fahoriambe, sy ny fanenjehana. «...*ary nomena fahefana mba hiasa roa amby efa-polo volana izy...Ary navela hiady tamin'ny olona masina izy ka haharesy azy.*» (Apok. 13:7). Efa naminany toy izao mikasika ireo olo-masin'ny Avo indrindra i Daniela: «*Ary. izy hampahory ny olo-masin'ny Avo Indrindra...ary hatolotra eny an-tanany ireo ambara-pahatapitry ny fetr'andro iray sy ny fetr'andro roa ary ny antsasaky ny fetr'andro.*» (Daniela 7:25). Fanoratra ve hisy hazava kokoa noho izany?

Mandritra io fotoana fanenjehena mahatsiravina io, dia tsy maintsy ho faty-maritiora ireo 144.000 izay efa ho vita tombokase ireo. Ireo vavolobelona roalahy no hisantatra izany fahafatesana izany, rehefa nahavita ny fijoroany vavolobelona (Apok.11:7), avy eo vao ny sisa, araka ny efa voalaza tamintsika ao amin'ny tombo-kase fahadimy. Araka

izany, dia izao no voasoratra ao amin'ny Apokalypsy 14:12: «*Indro ny faharetan'ny olona masina, dia izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy.*» (Apok. 14:12). Io fotoana io indrindra no hahatanterahan'ity Teny ity: «*Ary nahare feo avy tany an-danitra aho nanao hoe: Soraty: Sambatra ny maty, dia izay maty ao amin'ny Tompo hatramin'izao. Eny, hoy ny Fanahy, fa hitsahatra amin'izay nisasarany izy; fa ny asany manaraka azy.*» (Apok. 14:13)

Ny Tompontsika dia efa naminany ny hiparitahan'ny vahoakan'Isirael manerana firenena jentilisa maro, sy ny ho fiverenany indray ao amin'ny tanin'ny teny fikasana. Izao no voalazany mikasika izany: «...ary Jerosalema hohitsahin'ny jentilisa mandra-pahatanteky ny andron'ny jentilisa.» (Lioka 21:24)

Ny Tombokase fahadimy (Apok.6:9-11) dia miresaka ny amin'ireo fanahy mitoetra eo ambanin'ny alitara fanaovan-tsonora; ireo dia izay novonoina nohon'ny fihazonany ny Tenin'Andriamanitra sy ny fijoroany vavolombelona. Mariho tsara fa ireo maritiora ireo dia mbola tsy nanana ny filazana an'i Jesosy. Naharitra tao amin'ny Tenin' Andriamanitra izy ireo kanefa tsy namantatra an'i Jesosy ho Mesiany. Ireo dia ny Jiosy rehetra novonoina noho izy Jiosy fotsiny. Mitaky famaliana izy ireo noho izy ireo tsy niaina ny traikefan'ny fanavotana azy. Ny olom-boavonjy dia mivavaka toy izao: “Ray ô, mamindra fo aminy fa tsy fantany izay ataony”. Fa ireo kosa, «*niantso tamin'ny feo mahery izy nanao hoe: Tompo masina sy marina ô, mandra-pahoviana no tsy hitsaranao sy hamalianao ny rànay amin'izay monina eny ambonin'ny tany?*» (Apok. 6:10). Andriamanitra, ilay Mpitsara marina, nampanome an'ny tsirairay akanjo lava fotsy. «...ary nasaina niala sasatra kely aloha izy mandra-pahatapiry ny mpanompo namany sy ny rahalahiny, izay efa hovonoina tahaka azy koa.» (Apok. 6:11)

Ny teny “esclave” (andevo) –[izay nandikan'ny mpandika Baiboly hoe “mpanompo”–F.n.m]– dia tsy fampiasa ao amin'ny Fianganan'ny Testamenta Vaovao, satria ao dia zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra. Ao amin'ireo faminanian'ny Baiboly, dia antsoina “mpanompolahy” sy “mpanompovavy” ny Israelita. Tsy isalasalana, araka izany, fa ny “mpanompo namany” eto dia manondro ireo 144.000 izay

niova fo nohon'ny asan'ireo mpaminany roalahy, ary henjehin'ny Antikristy sy hataony maty mandritra ny telo taona sy tapan'ny fahoriambe.

NY FAMALIANA

«*Ary raha vao afaka ny fahoriana amin'ireo andro ireo, ny masoandro dia hohamaizinina, ary ny volana tsy hahazava»* (Isaia 13:10; Joela 3:3-5; Apok.6:12-17); Ary «*ny kintana hiraraka avy any an-danitra, ary ny herin'ny lanitra hohozongozonina. Ary amin'izany andro izany dia hiseho eo amin'ny lanitra ny famantarana ny Zanak'olona, ka dia hitomany ny firenena rehetra ambonin'ny tany, ary hahita ny Zanak'olona avy amin-kery sy voninahitra lehibe eo amin'ny rahon'ny lanitra izy.»* (Matio 24:29-30)

«*Ary hisy famantarana eo amin'ny masoandro sy ny volana ary ny kintana, ary ety ambonin'ny tany dia hisy fahorian'ny firenena amin'ny fahaverezan-kevitra noho ny firohondrohon'ny ranomasina sy ny fanonjany, ka ho reraka ny fon'ny olona noho ny fahatahorany sy ny fiandrasany izay zavatra ho tonga ambonin'ny tany; fa ny herin'ny lanitra dia hohozongozonina. Ary amin'izany andro izany dia hahita ny Zanak'olona avy eo amin'ny rahona amin-kery sy voninahitra lehibe izy.»* (Lioka 21:25-27)

«*Indro Izy avy amin'ny rahona; ary ny maso rehetra hahita Azy, na dia izay nandefona Azy aza; ary hitomany Azy ny firenena rehetra ambonin'ny tany. Eny, Amena.»* (Apok. 1:7)

Efa hitantsika fa aorian'ny Fiverenan'ny Tompo hampakatra ny Fiangonana-Ampakarina, dia hiverina indray Izy ho an'ireo 144.000, voalohany toy ny Zanak' ondry, fa avy eo dia amin'ny maha Anjelin'ny Fanekena Azy. Amin'ny fiafaran'ny fahoriambe dia tonga Kristy handevona ny Antikristy, izay antsoina “lehilahin’ota”. Tadidiontsika ny toro-làlan’i Paoly raha nilaza izy fa tsy ho afaka haneho feno ny heriny izy io raha mbola tsy noesorina «...ny zavatra misakana, mba hampisehoana azy amin'ny fotoan'androny.» (2 Tes. 2:6). Izany dia ny Fanahy Masina izay miasa ao amin'ilay tena Fiangonana-Ampakarina. Voaesotra io

zavatra misakana io rehefa ho tafakatra ny Ampakarina. «*Ary dia haseho ilay tena mpandika lalàna, izay holevonin'i Jesosy Tompo amin'ny fofonain'ny vavany ary hofoanany amin'ny fisehoan'ny Fihaviany.*» (2 Tes. 2:8). «...hamely ny tany amin'ny tsorakazon'ny vavany Izy, ary ny fofonain'ny molony no hamonoany ny ratsy fanahy (ny Antikristy).» (Isaia 11:4).

Ao amin'ny Apokalypsy 19:11-16, dia tonga ny Tompo, mitaingina soavalys fotsy. Antsoina hoe “Matoky sy Marina” Izy, ary amin’ny fahamarinana no itsarany sy iadiany, ary antsoina “Tenin’Andriamanitra” ny Anarany. «*Ary misy sabatra maranitra mivoaka avy amin'ny vavany mba hamelezany ny firenena; ary Izy hanapaka azy amin'ny tehim-by; ary Izy no manitsaka ny famiazana ny divain'ny firehetan'ny fahatezeran' Andriamanitra Tsitoha.*» (Apok. 19:15). Filazana toy izany koa no hita ao amin'ny Apokalypsy 14:17-20: «*Ary naroson'ilay anjely tamin'ny tany ny fijinjany, dia nangoniny ny voaloboky ny tany ka nazerany tao amin'ny famiazana lehibe, dia ny fahatezeran'Andriamanitra.*» (Apok.14:19)

Maro ny andalana ao amin'ny Baiboly izay miresaka io fotoana izay hanaovan’ Andriamanitra ny Famaliany amin’ny olombelona io.

«*Niakanjo fahamarinana tahaka ny akanjo fiarovan-tratra Izy, ary fiarovan-doha famonjena no teo amin'ny lohany; ary niakanjo ny akanjo famaliana Izy; eny, nandray ny fahasaro-piaro ho akanjo ivelany Izy. Araka ny asa natao no hamaliany, dia fahatezerana mirehitra ho an'ny fahavalony, famaliana ho an'ny rafiny; ...*» (Isaia 59:17-18)

Izao no lazain’ny Tompo: «*Fa efa ato am-poko ny andro hamaliako, ary tonga ny taonan'ny voavotro.*» (Isaia 63:4)...«*Nanitsaka firenena tamin'ny fahatezerako Aho sady nampahaleony azy tamin'ny fahavinirako ary nandatsaka ny ràny tamin'ny tany.*» (Isaia 63:6)

«*Indro, avy any lavitra any ny Anaran'i Jehovah, mirehitra amin'ny fahatezerany Izy Sady midonaka amin'ny setroka be; Ny molony dia feno fahatezerana, ary ny lelany dia tahaka ny afo mandevona;*» (Isaia 30:27) «*Ary Jehovah hanandratra ny feon'ny fiandrianany sy hampiseho ny fiantefan'ny sandriny amin'ny firehetan'ny fahatezerana sy ny lelafo*

mandevona sy ny ranonoram-baratra sy ny orana mifafy ary ny havandra vaventy.» (Isaia 30:30)

«Mandehana, ry oloko, midira ao amin'ny efi-tranonao, ary mirindrina varavarana ianao, ka miere kely indray mipi-maso monja, mandra-pahalasan'ny fahatezerana.» (Isaia 26:20)

«Rava dia rava ny tany; Mitresaka dia mitresaka ny tany; Mihorohoro dia mihorohoro ny tany; Mivembena dia mivenbena tahaka ny mamo ny tany ka mitsingevaheva toy ny fandriana mihantona; ary mitambesatra aminy ny fahadisoany, dia potraka izy ka tsy ho tafarina intsony. Ary amin'izany andro izany dia any an-danitra no hamalian'i Jehovah ny antokon'ny lanitra, ary ety an-tany kosa ny mpanjakan'ny tany. Dia hangonina ao an-davaka tahaka ny mpifatotra ireny ka hohidiana ao an-trano-maizina, ary rehefa afaka andro maro (aorian'ny Fanjakana-arivo-taona, mandritra ny fitsarana farany), dia hovangiana? [Na: hovaliana] ihany izy. Dia hivoara-mena ny volana, ary hivaloarika ny masoandro, fa Jehovah, Tompon'ny maro, no Mpanjaka ao an-tendrombohitra Ziona sy any Jerosalema, ary eo anatrehan' ny loholony dia misy voninahitra.» (Isaia 24:19-23)

«Izao no lazain'i Jehovah Tompo: Injao! avy ny loza, dia loza izay tsy misy toa azy! Injao ny farany! Eny, mby akaiky ny farany; Mifoha hamely anao iny, indro,efa mby akaiky iny. Mby akaiky ny anjaranao, ry mponina amin'ny tany; Mby akaiky ny fotoana, efa antomotra ny andro, dia akoran'ady, fa tsy fihobiana, eny an-tendrombohitra.» (Ezek.7:5-7)

Anatin'ny indray andro monja, mandritra ny ady iray monja, no hamitan' Andriamanitra ny famaliany amin'ireo hery fahavalony: *«Indro, avy toy ny mpangalatra Aho. Sambatra izay miambina ka miaro ny fitafiany, fandrao mandeha mitanjaka izy, ka hita ny fahamenarany. Ary nangoniny ho any amin'ny tany atao amin'ny teny Hebreo hoe Haramagedona ireny.»* (Apok. 16:16). Io Fiaviany io izany dia miaraka amin'ny ady ao Hara-magedona. Hazavain'i Ezekiela toy izao ny hiafaran' io ady io: *«Ary hamaly azy amin'ny areti-mandringana sy ny rà sy ny ranon'orana manafotra ary ny havandra vaventy Aho; ary koa, handatsaka afo sy solifara aminy sy amin'ny miaramilany mbamin'ny firenena maro izay miaraka aminy Aho.»* (Ezekiela 38:22). ASEHON'NY

Zakaria 14:12-15 koa ny fitsarana ireo vahoaka izay hanafika an'i Jerosalema amin'izany fotoana izany: «*Ary izao no areti-mandringana hamelezan'i Jehovah ny firenena rehetra izay efa nanafika an'i Jerosalema: Hataony mihalevona am-pitsanganana nynofony, ary hihalevona eo amin'ny itoerany ny masonry, ary ny lelany koa hihalevona ao am-bavany. Ary amin'izany andro izany dia hisy fifanaritahana lehibe avy amin'i Jehovah ao aminy, ary hifampihazon-tànanana izy, sady samy hanainga tànanana hifamely...»*

Amin'ny fotoana izay handresena an'i Antikristy, sy hilatsahan'ny fitsarana amin' ireo fahavalon' Andriamanitra koa no «...*hiseho Jesosy Tompo, avy any an-danitra mbamin'ny anjelin'ny heriny, amin'ny afo midedadeda, hamaly izay tsy mahalala an' Andriamanitra...*» (2 Tes. 1:7-8). Fa izany ilay Andron'ny Tompo izay efa nampilazaina ny mpaminany sy ny apostoly.

«*Fa, indro, avy ny andro, mandoro toy na fatana fandoroana izy; ary ny mpirehareha rehetra sy ny mpanao ratsy rehetra dia ho vodivary; ka dia handoro azy ny andro izay ho avy,...»* (Malakia 3:19). «*Fa ho avy tahaka ny mpangalatra ny andron'ny Tompo, ary amin'izany ny lanitra dia ho lasa amin'ny firimorimoana mafy, ary ho levon'ny afo ny tenan'ny zavatra rehetra, ka hodorana avokoa ny tany sy ny asa izay eo aminy.»* (2 Petera 3:10)

NY TETEZAMITA

Rehefa avy nandrotsaka ny Fahatezerany sy nahatanteraka ny Famaliany tamin' ireo fahavalony ny Tompo dia miroso amin'izay efa nambaran'i Zakaria, hoe: «*Ary amin'izany andro izany ny tongony hijoro eo an-Tendrombohitra Oliva...*» (Zak.14:4) Tsy handeha irery Izy amin'io, toy ny voalaza amin'ny andininy manaraka: «...*ary ho avy Jehovah Andriamanitro mbamin'ny masina rehetra momba Azy.*» (Zak.14:5). Efa vita ny Fanasan'ny Fampakam-bady any an-Danitra, hanomboka ny Fanjakana-arivo-taona. Kanefa, alohan'izany, dia hisy ny fitsarana ankapobeny. «*Ary tezitra ny firenena maro, ary tonga ny fahatezeranao sy ny fotoana hitsarana ny maty, sy hanomezana valim-pitia ny mpaminany*

mpanomponao sy ny olona masina ary izay matahotra ny Anaranaao, na kely na lehibe, ary mba hanimbanao izay manimba ny tany.» (Apok. 11:18)

Ary satria samy hafa tanteraka ny fitorianteny nandritra ireo taom-Piangonana, dia tsy maintsy napetraka mazava tsara tamin'ireo mpino ny amin'ny zavatra tena manan-danja eo imason'Andriamanitra. Tsy fanamelohana io fitsarana io fa fanapahan-kevitra farany ataon' Andriamanitra. Amin'izany no hahatanteraka ireto teny ireto: «*Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin'ny fitsaran'i Kristy, mba handraisany olona rehetra izay zavatra nataon'ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy.*» (2 Kor. 5:10). «*Fa nahoana ianao no mitsara ny rahalahiniao? Ary nahoana kosa ianao no manao tsinontsinona ny rahalahiniao? Fa samy hiseho eo anoloan'ny fitsaran'Andriamanitra isika rehetra. Fa voasoratra hoe: Raha velona koa Aho, hoy Jehovah, ny lohalika rehetra handohalika amiko, ary ny lela rehetra hidera an'Andriamanitra (Isa. 45. 23). Koa samy hampamoahin' Andriamanitra ny amin'ny tenany avy isika rehetra.*» (Rom.14:10-12)

Alohan'ny afahany hitsara hiaraka amin'ny Mpitsara, ary hiaraka hanjaka amin' ny Mpanjaka, ireo olo-marina tonga amin'ny fahatanterahana dia tsy maintsy ho efa nahazo ny fanamarinana azy sy ny fanomezana satroboninahitra azy hahazoany hiditra amin'io Fanjakana io. Isan karazany ireo satro-boninahitra hozaraina. Ireto anisan'ny voateny ao amin'ny Soratra Masina: ny satro-boninahitra rehareha (1 Tes.2:19), ny satro-boninahitry ny fahamarinana (2 Tim.4:8), ny satro-boninahitra tsy mety simba (1 Petera 5:4), ny satro-boninahitra fiainana (Jak.1:12; Apok. 2:10), sy ny sisa...

«*Fa hipetraka ny Mpitsara...*» (Dan.7:26) Mifanaraka tsara amin'ny Apokalypsy 20:4 izany: «*Ary nahita sezafiandrianana maro aho, ary nisy nipetraka teo amboniny, ary nomena fahefana hitsara izy...*» (Apok. 20:4) Efa nomena teny fikasana ireo mpandresy, hoe: «*Izay maharesy dia havelako hiara-mipetraka Amiko eo ambonin' ny Seza Fiandrianako...*» (Apok. 3:21). Tsy vitan'ny hanjaka toy ny mpanjaka hiaraka amin'ilay Mpanjaka amin'ny firenena maro izy ireo, fa koa hahazo anjara amin'ny fitsarana. Hoy Paoly hoe: «*Sa tsy fantattrareo fa ny olona masina dia*

hitsara izao tontolo izao?... Tsy fantatrareo va fa hitsara anjely isika?» (1 Kor. 6:2-3). Mikasika izany, Enoka dia efa naminany hoe: «"Indro, tonga Jehovah mbamin'ny masiny tsy omby alinalina hitsara ny olona rehetra sy hampiaiky ny olona ratsy fanahy rehetra..."» (Joda 14-15)

Izao no voasoratra ao amin'ny Matio 25:31-32: «*Ary raha tonga ny Zanak'olona amin'ny voninahiny, arahin'ny anjely rehetra, dia hipetraka eo ambonin'ny sezafianian'ny voninahiny Izy; ary ny firenena rehetra hangonina eo anatrehany, dia hanavaka azy Izy, tahaka ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin'ny osy.*». Aseho amintsika ao amin'ny Isaia 2:2-5 ihany koa io fitsarana io: «*Ary hitsara ny adin'ny jentilisa Izy Ka hampiaiky firenena maro; Dia hanefy ny sabany ho fangady ireny, Ary ny lefony ho fanetezam-boaloboka...*» (Isaia 2:4). Saika hitovy tanteraka amin'io koa no voalazan'ny Mika 4:1-5

Izao no voasoratra mikasika ny vahoakan'Isiraely: «*Ary izay sisa any Ziona sy izay mbola mitoetra any Jerosalema dia hatao hoe masina. Dia izay rehetra voasoratra ho isan'ny velona any Jerosalema...*» (Isaia 4:3). Kanefa tsy ireo izay ho tratra velona amin'io fotoana io ihany no hihatrika ny fitsarana azy, fa koa ireo izay hanefa amin'ny ainy ny fijoroany vavolombelona mandritra ny fahoriambe: «*...ary hitako koa ny fanahin' izay notapahin-doha noho ny filazana an'i Jesosy sy ny tenin' Andriamanitra sy izay rehetra tsy niankohoka teo anoloan'ny bibi-dia na teo anoloan'ny sariny ary tsy nandray ny marika ho eo amin'ny handriny na ho eo amin'ny tanany; ary velona izy ka niara-nanjaka tamin'i Kristy arivo taona.*» (Apok. 20:4). Ho ao amin'ny Fanjakana-arivo-taona izy ireo. Ho fohazina mialohan'ny fiandohan'ny Fanjakan'i Kristy izy ireo, ary ho anisan'ireo hanana anjara amin'ny fitsanganana voalohany, na tsy hanana anjara amin'ny Fanasan'ny Fampakaram-badin'ny Zanak'ondry aza. Mikasika izany dia tsy maintsy vakina koa izay voasoratra ao amin'ny 2 Timoty 4:1: «*Eo anatrehan' Andriamanitra sy Kristy Jesosy, Izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny amin'ny Fisehoany sy ny Fanjakany...*»

«*Fa ny sisa amin'ny maty dia tsy mbola velona mandra-pahatapitry ny arivo taona. Izany no fitsanganana voalohany. Sambatra sy masina izay manana anjara amin' ny fitsanganana voalohany; ireo tsy mba ananan'ny*

fahafatesana faharoa fahefana, fa ho mpisoron'Andriamanitra sy Kristy ireo ka hiara-manjaka aminy arivo taona.» (Apok. 20:5-6)

Ho tanteraka amin'izany fotoana izany koa ny notenenin'ny Tompo ka nianianany tamin'ny Tenany ihany, hoe: «*Ny tenako no nianianako, nisy tenyefa naloaky ny vavako tamin'ny fahamarinana ka tsy hitsoaka: Izaho no handohalehan'ny lohalika rehetra, sy hianianan'ny lela rehetra hoe: Ao amin'i Jehovah ihany no misy fahamarinana be sy hery, ka Izy ihany no hohatonin'ny olona, ary ho menatra izay rehetra tezitra Aminy.»* (Isaia 45:23-24)

Ireto andalana roa manaraka ireto dia mbola miresaka manodidina izany: «*Ary aoka ny anjelin'Andriamanitra rehetra hiankohoka eo Anoloany*» (Sal. 97.7)» (Hebreo 1:6). «...*mba ho amin'ny Anaran'i Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra, na ny any an-danitra, na ny ety antany, na ny any ambanin'ny tany, sy haneken'ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr'Andriamanitra Ray.*» (Filip. 2:10-11)

Hifaly amin'izany fotoana izany ireo rehetra izay nino an'i Kristy: «... *raha tonga Izy mba hankalazaina eo amin'ny olony masina sy higagana eo amin'izay rehetra mino amin'izany andro izany, satria ninoana ny fanambaranay taminareo.*» (2 Tes.1:10)

Ho fisaorana, dia manambatra ny feontsika isika amin'ny fideran'ireo loholona 24, sy ireo zava-manan'aina efatra, ary ireo anjely izay mihiaka eo anoloan'ny Sezafandrianana, hoe: «...*Ny Zanak'ondry, Izay novonoina, dia mendrika handray hery sy harena sy fahendrena sy faherezana sy haja sy voninahitra ary saotra. Ary izao zavatra ary rehetra izao, na izay any an-danitra, na izay ety ambonin'ny tany sy any ambanin'ny tany, na izay any an-dranomasina mbamin'izay rehetra ao anatiny, dia reko samy nanao hoe: Ho an'ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana sy ho an'ny Zanak'ondry anie ny saotra sy ny haja sy ny voninahitra ary ny fanjakana mandrakizay mandrakizay.*» (Apok. 5:12-13)

«...*Masina, masina, masina ny Tompo Andriamanitra Tsitoha, Ilay taloha sy ankehitriny ary ho avy.*» (Apok. 4:8)

Mazava-hoazy fa tsy tondroina ho Zanak'olona intsony ny Tompo ao amin'io andininy farany io, fa homen-kaja amin'ny maha-Andriamanitra

Tsitoha Azy. Efa nolazain'ny mpaminany Isaia mialoha izany, hoe: «*Ary holazaina amin'izany andro izany hoe: Indro Andriamanitsika, izay nandrasantsika hamonjy antsika; Indro Jehovah, Izay nandrasantsika, koa dia aoka ho faly sy ho ravoravo amin'ny famonjeny isika.*» (Isaia 25:9)

NY FANJAKANA-ARIVO-TAONA

Mandritra ny Fanjakana-arivo-taona, amin'ny maha Mpanjaka Azy, dia hanjaka amin'ny tany rehetra ny Tompo, hiaraka amin'ireo izay ho nandray anjara tamin'ny Fanasan'ny Fampakaram-bady. Hiaraka hanjaka Aminy koa ireo 144.000, izay ho anisan'ireo hahazo ny fitsanganana voalohany (Apok.20:4-6).

Amin'izany fotoana izany, ho samy feno avy, na ny isan'ny Jiosy na ny an'ny firenena jentilisa, ka hikambana ho iray izy ireo. Ny zavatra voalaza ny amin'ilay Mpandresy an'i Gologota (Sal.2:8) ihany no ampanantenaina ho an'ireo mpandresy: «*Ary izay maharesy ka mitandrina ny asako hatramin'ny farany dia homeko fahefana amin'ny jentilisa; ary hiandry azy amin'ny tehim-by izy...*» (Apok. 2:26-27)

Ny Ampakarina dia ao amin'i Jerosalema vaovao, izay Fonenany mandrakizay, sady ampimirana Azy, no honenany. «*Ary nahita aho fa, indro, ny tanàna masina, dia Jerosalema vaovao, nidina avy any andanitra tamin'Andriamanitra, voaomana tahaka ny ampakarina efa mihaingo hihaona amin'ny vadiny.*» (Apok. 21:2) «...Avia ety, dia hasehoko anao ny Ampakarina, Vadin'ny Zanak'ondry. Ary nitondra ahy tamin'ny Fanahy ho any an-tendrombohitra sady lehibe no avo izy ka naneho ahy ny tanàna masina, dia Jerosalema, midina avy tamin' Andriamanitra any an-danitra,» (Apok. 21:9-10). Aorian' ny Fanasan'ny Fampakaram-bady dia tsy antsoina Ampakarina intsony Izy, fa antsoina Vadin'ny Zanak'ondry. Amin'izany koa no ahitana ny maha-marina sy ny maha-lavorary ny Tenin'Andriamanitra.

Ilay Jerosalema ety an-tany kosa amin'izany fotoana izany dia ho feno ny famirapiratry ny Voninahitr'Andriamanitra, satria ilay Jerosalema vaovao dia hidina mivantana ho eo ambonin'ilay Jerosalema taloha: «*Ary Jehovah hamorona rahona sy setroka raha antoandro sy fahazavan'ny afo*

midedadeda nony alina ho eny ambonin'ny fitoerana rehetra any antendrombohitra Ziona sy ho eny ambonin'ny fivoriany rehetra; Ary eny ambonin'ny voninahitra rehetra dia hisy eloelo» (Isaia 4:5)

Toy ny vao nolazaintsika teo, hidina ny Jerosalema Vaovao, kanefa tsy hikasika ny tany Izy. Andrakotra ilay Jerosalema taloha Izy, ka ny Hazavany sy ny Voninahiny hameno ny tany izay ho voadion'ny afo. Hita ao amin'ny Apokalypsy 21:16 ireo refiny. Ho toy ny pyramida lehibe no hahitana Azy hijoro eny amin'ny lanitra.

Araka ny efa hitantsika, dia ho ao amin'io Fanjakana-arivo-taona io ireo mpino izay ho naharitra tao amin'ny Tompo, hatramin'ny hamery ny ainy, mandritra ny fahoriambe. «*Ary nahita aho fa, indro, toa ranomasina fitaratra miharo afo, ary izay naharesy ka afaka tamin'ny bibi-dia sy ny sariny ary ny isan'ny anarany dia nitsangana tao amin'ny ranomasina fitaratra, nitana lokangan'Andriamanitra. Ary mihira ny fihiran' i Mosesy, mpanompon'Andriamanitra, sy ny fihiran'ny Zanak'ondry izy...»* (Apok. 15:2-3). Ny mpino avy tao amin'ny firenena Jiosy sy tao amin'ireo firenena Jentilisa izy ireo; ahitana izany dia ireo mihira ny “fihiran'i Mosesy” sy ny “fihiran' ny Zanak'ondry”. Ireo no mpianatra mahatoky izay nandà ny mariky ny bibidia sy ny isan'ny anarany, ary tsy niankohoka tamin'ny sarin'ny bibidia.

Na ireo mpandresy ihany aza no hanatrika ny Fanasan'ny Fampakambadin'ny Zanak'ondry, dia ho ao amin'ny Fanjakana-arivo-taona avokoa ireo rehetra voavonjy, saingy samy banana ny toerany manokana avy. «... *Ireo no avy tamin'ny fahoriana lehibe, ary ny akanjony nosasany synofotsiany tamin'ny Ràn'ny Zanak'ondry. Ary noho izany dia mitoetra eo anoloan'ny Seza Fiandrianan'Andriamanitra izy ka manompo Azy andro aman'alina eo amin'ny tempoliny; ary Ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana dia hamelatra ny trano-lainy handrakotra azy...ary hofafan' Andriamanitra ny ranomaso rehetra amin'ny masonry (Isa. 25. 8).» (Apok. 7:14-15,18). Ny filazana “manompo Azy andro aman'alina” dia manondro fa tsy ny mandrakizay eto, fa mbola ny fotoan'ny Fanjakana-arivo-taona. Ny mandrakizay tsy misy andro na alina, na zavatra hafa manondro fotoana.*

Toy ny efa voalazantsika, dia amin'ny fitsarana farany no ho ringanina ireo mpirehareha, sy ireo mpieboebo, ary ireo rehetra fahavalohivola mivantana an'Andriamanitra sy an'Isiraely (Isaia 13:6-12) ka hodorana toy ny vodivary (Malakia 3:19). Maro no tsy ampy fifantohana ny olona izay mamaky ny Soratra Masina, ka mihevitra noho izany fa ny zanak' olombelona rehetra dia ho fongana avokoa, afa-tsy ny Ampakarina sy ireo 144.000. Kanefa mifanipaka amin'ny andalana maro ao amin'ny Soratra Masina izany. Mbola ho velona eto amin'ny tany ireo olona rehetra izay hieren-doza. «*Ary ny sisa rehetra amin'ny jentilisa rehetra, izay niakatra namely an'i Jerosalema, dia hiakatra isan-taona isan-taona hiankohoka eo anatrehan'ny Mpanjaka, dia Jehovah, Tompon'ny maro, sy hitandrina ny andro firavoravoana fitoerana an-trano rantsan-kazo.*» (Zak.14:16). Fomba ahoana no hisian'ireo jentilisa izay ho tonga hiankohoka eo anatrehan'ny Mpanjaka isan-taona, raha tsy ho velona ireo mandritra ny Fanjakana-arivo-taona?

- «*Izao no lazain'i Jehovah, Tompon'ny maro: Mbola hisy firenena sy mponina avy amin'ny tanàna maro ho avy; ary ny mponina ao amin'ny anankiray hankany amin'ny anankiray kosa ka hanao hoe: Aoka handeha tokoa isika hifona amin'i Jehovah sy hitady an'i Jehovah, Tompon'ny maro; izaho koa mba handeha. Eny, ho avy ny olona maro sy ny firenena mahery mba hitady an'i Jehovah, Tompon'ny maro, any Jerosalema sy hifona amin'i Jehovah. Izao no lazain'i Jehovah, Tompon'ny maro: Amin'izany andro izany dia hisy folo lahy avy amin'ny firenena samy hafa fiteny rehetra hihazona ny sisin-damban'ny Jiosy anankiray ka hanao hoe: Mba handeha hiaraka aminareo izahay; fa efa renay fa momba anareo Andriamanitra.*» (Zakaria 8:20-23)

- «...*Ary ny jentilisa rehetra hitanjozotra hankany. Eny, maro ny firenena no hiainga ka hanao hoe: Andeha isika hiakatra any antendrombohitr'i Jehovah, Ho any an-tranon'Andriamanitr'i Jakoba, mba hampianarany antsika ny amin'ny lalany, ka handehanantsika amin'ny atorony; Fa avy any Ziona no hivoahan'ny lalàna, Ary avy any Jerosalema ny tenin'i Jehovah.*» (Isaia 2:2-3)

- «*Ary amin'izany andro izany ny Solofon'i Jese, Izay hitsangana ho Fanevan'ny firenena, dia Izy no hotadiavin'ny jentilisa; Ary ny fitoerany dia ho voninahitra.*» (Isaia 11:10)

- «*Ary isaky ny voaloham-bolana sy isan-tsabata; dia ho avy ny nofo rehetra hiankohoka eo Anatrehako, hoy Jehovah. Ary hivoaka izy ireny ka hijery ny fatin'ny olona izay efa niodina tamiko; Fa ny kankany tsy ho faty, ary ny afony tsy hovonoina, Ary hataon'ny nofo rehetra ho fahavetavetana izy.*» (Isaia 66:23-24)

- «...*fa tsara ho anao ny hiditra toka-maso amin'ny fanjakan'Andriamanitra noho ny manana maso roa, nefo hariana any amin'ny helo; any ny kankany tsy maty, ary ny afo tsy vonoina.*» (Marka 9:47-48). Eto, tsy tokony hadikadika fahatany io filazan'ny Tompo io, fa tsy maintsy apetraka araka ny Teny faminaniana, ao amin'ny manodidina sy ny fotoana mety marina aminy.

Hitantsika ao amin'ny Isaia 65:20-25 ny ho toetoetry ny olona ho sisa sy mbola ho velona eto amin'ny tany: Hiteraka izy ireo, hanao trano ka honina anatin'izany, hamboly voaloboka sy hinana ny ho vokatr'izany, hamboly ary hijinja koa izy ireo. Ary satria ho voafatotra i Satana amin'izany dia: «...*ny amboadia sy ny zanak'ondry hiara-komana, Ary ny liona hihina-mololo tahaka ny omby, Ary ny menarana, dia vovoka no ho fihinany...*» Misy filazana mitovy amin'io koa ao amin'ny Isaia 11:6-9.

Kanefa noho ireo olona ireo tsy ho niova fo, tsy nateraka indray, dia hisy ihany ny tsifankatoavana, sy ny aretina, ary ny fahafatesana aza. «*Ary na iza na iza amin'ny firenena samy hafa amin'ny tany no tsy hiakatra ho any Jerosalema hiankohoka eo anatrehan'ny Mpanjaka, dia Jehovah, Tompon'ny maro, dia tsy mba hisy ranonorana mivatravatra any aminy.*» (Zak. 14:17). «...*fa mbola zatovo ihany izay maty na dia efa zato taona aza, ary ny mpanota aza, dia hahatratra zato taona vao ho voaozona*» (Isaia 65:20)

Mbola hisy fotoana mandritra ny Fanjakana-arivo-taoana, fa tsy hisy kosa izany ao amin'ny mandrakizay. «*Ary eny amoron'ny ony, eny andaniny roa, no anirian'ny hazo rehetra fihinam-boa; tsy halazo ny raviny, na ho lany ny voany; fa hamoa voa vaovao isam-bolana izy, satria*

mivoaka avy ao amin'ny Fitoerana masina ny ranony; ary ho fihinana ny voany, ary ho fanafody ny ravin.» (Ezek. 47:12)

- «*Ary izy naneho ahy onin'ny ranon'aina, manganohano tahaka ny vato krystaly, nivoaka avy teo amin'ny Seza Fiandrianan'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry teo afovoan'ny lalambeny. Ary teny andaniny roa amin'ny ony nisy hazon'aina mamoa voa roa ambin'ny folo samy hafa sady mamoa isam-bolana; ary ny ravin'ny hazo dia ho fanasitranana ny firenena maro.*» (Apok. 22:1-2)

Hitantsika mandritra ny Fanjakana-arivo-taona ny Fanjakan' Andriamanitra, ary izao zavatra rehetra àry izao dia handray anjara amin'izany (Rom.8:18-22). Dia ho tanteraka amin'izany ny zavatra nambaran'ireo mpaminany mialoha, hoe: «*Ary Jehovah ho Mpanjakan'ny tany rehetra; amin'izany andro izany dia iray no Jehovah, sady iray ny Anarany.*» (Zak. 14:9)

- «*Ary ny Tabernakeliko ho eo aminy; ary Izaho ho Andriamaniny, ary izy ho oloko. Ka dia ho fantatry ny jentilisa fa Izaho Jehovah no manamasina ny Isiraely amin' ny isian'ny Fitoerako masina eo aminy mandrakizay.*» (Ezek. 37:27-28)

- «*...Indro, ny Tabernakelin'Andriamanitra dia eo amin'ny olona, ary Izy hitoetra eo aminy, ary ireo ho Olony, ary Andriamanitra no hitoetra eo aminy, dia ho Andriamaniny. Ary hofafany ny ranomaso rehetra amin'ny masonry; ary tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarinana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha.*» (Apokalypsy 21:3-4)

- «*Hofoanany tsy hisy mandrakizay ny fahafatesana; Ary Jehovah Tompo hamafa ny ranomaso amin'ny tava rehetra sady hanafatondromaso ny Olony eny amin'ny tany rehetra, fa Jehovah no efa niteny.*» (Isaia 25:8)

NY FARA-ANDRO

Mialoha ny fitsanganan'ny maty faharoa, sy ny fitsarana farany, ary ny fidirana ho ao amin'ny Mandrakizay, Andriamanitra dia hanao famaliana farany amin'ilay Fahavalony manokana sy ireo mpanaraka azy.

«*Ary rehefa tapitra ny arivo taona, dia hovahana Satana ho afaka ao amin'ny tranomaizina nitoerany ka hivoaka hamitaka ny firenena eny amin'ny vazan-tany efatra, dia Goga sy Magoga, mba hanangona azy ho any amin'ny ady; tahaka ny fasiky ny ranomasina ny isany.*» (Apok. 20:7-8). Ireo dia olona hiaina mandritra ny Fanjakana-arivo-taona, saingy tsy mba ho nihevitra ny hiditra ao amin'ny Drafi-Panavotan' Andriamanitra. Raha vakina tsara ireo toko faha-38 sy 39 an'ny bokin'i Ezekela, dia ahitana fitoviana miharihary amin'ny ady lehiben'i Harmagedona izay fantatsika fa alohan'ny fametrahana ny Fanjakana-arivo-taona. Misy fitoviana tena miavaka amin'ny Ezekiela 39:17-20 sy Apokalypsy 19:17-21. Raha ny marina, dia mbola ireo vahoaka hiakatra hamely an'i Jerosalema mialoha ny Fanjakana-arivo-taona ihany no hiakatra hamely io tanàna io ihany, aorian'ny Fanjakana-arivo-taona. Raha mbola ho voafatotra Satana, dia hipetra-mora izy ireo. Fa raha vao halana fatorana izy, avy hatrany dia ho voasinton'ny fitaomany ireo olona tsy mpino.

«*Ary niakatra namaky ny tany izy, dia nanodidina ny tobin'ny olona masina sy ny tanàna malala; ary nisy afo avy amin'Andriamanitra nidina avy tany an-danitra ka nandany azy. Ary ny devoly izay namitaka azy dia natsipy tany amin'ny farihy afo sy solifara, izay misy ilay bibi-dia sy ilay mpaminany sandoka koa, ary hampijalina andro amin'alina mandrakizay mandrakizay ireo.*» (Apok. 20:9-10)

Alohan'ny hiafaran'ny fotoana ka hidirana amin'ny Mandrakizay, dia misy ny fitsarana farany izay voalaza ao amin'ny Apokalypsy 20:11. Ny olona rehetra niaina tamin'ity tany ity dia ho tafatsangana amin'ny maty avokoa, ka hiseo anoloan'ilay Mpitsara mandrakizay. Hosokafana ny boky maro, ary hotsaraina araka ny asany avy izy ireo. Hosokafana ihany koa ilay Bokin'ny Fiainana, satria mbola hisy ireo olona ho tafatsangana amin'ny fitsanganana faharoa izay ho hita ao amin'ny Bokin'ny fiainana ny anarany. Ny Bokin'ny Zanak'ondry dia mahakasika ireo izay mandray anjara amin' ny fitsanganana amin'ny maty voalohany. Fa ny Bokin'ny fiainana dia mahakasika kosa ireo izay hiditra amin'ny Fiainana mandrakizay amin'ny fitsanganana faharoa.

Misy ireo olona izay nino an'i Jesosy-Kristy, nandritra ny fiainany, ka nahazo ny Fiainana mandrakizay. Izany dia mahakasika ireo rehetra izay niova fo ka nino an'i Jesosy-Kristy, na inona na inona ny fivavahana narahiny. Na teo aza ny hitsim-pon'ny finoany tamin'i Jesosy-Kristy, dia tsy niraharaha ny Tenin'Andriamanitra izy, fa nandeha tamin'ny lèlany samirery izy, na nianona tamin'ireo fitsipika sy fanekem-pinoampivavahana,. Na tsy hahazo anjara amin'ny Fanasan'ny Fampakaram-bady na amin'ny Fanjakana-arivo-taona aza izy ireo, dia hiditra amin'ny Fiainana mandrakizay ihany, satria izao no voasoratra: «*Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.*» (Jaona 3:16). Ho an'ireo hafa kosa, dia mazava tsara ny Tenin' Andriamanitra ny amin'io teboka io: «*Ary raha nisy tsy hita voasoratra teo anatin'ny bokin'ny fiainana, dia natsipy tany amin'ny farihy afo izy.*» (Apok. 20:15). Ny farihy afo no fahafatesana faharoa. Mazava koa ny voasoratra mikasika izany: «*Ary ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita dia natsipy tany amin'ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa, dia ny farihy afo.*» (Apok. 20:14). Ao no efa misy ny Bibidia sy ilay mpaminany sandoka, ary ny devoly, ka hampijaliana ao taonjato maro. Tsy haintsika ny faharetan'izany sazin'izy ireo izany. Mety haharitra “*aïon*” maro. Ny teny grika “*aïon*” dia nadikan’ny mpandika Baiboly maro ho “mandrakizay”, kanefa izany midika taonjato maro, izany hoe fotoana izay tsy voafetra ny halavany.

Kanefa, na manao ahoana, tsy maintsy hifarana izany ka tsy ho resahina intsony ao amin'ny Mandrakizay. Mety ampiasaina tsara ny teny hoe “*aïon*”, izay midika “taonjato” amin’ny zavatra misy fiandohany, noho izany dia misy fiafarany fa raha zavatra tsy nisy fiandohana, dia ny teny hoe “mandrakizay” no marina. Amin’izany, ny olona izay ampianarin’ Andriamanitra dia tsy mety diso fandray, na tsy nahita ny voambolana mety aza ilay mpandika.

Ny fahafatesana voalohany dia rehefa miala amin'ny vatana ny fanahin’ny olona. Amin’ny fahafatesana faharoa, ny fofonaim-panahy izay ao amin'ny fanahy no miala ka miverina any amin'Andriamanitra. Amin’izany no hatanterahan’ity tenin'Andriamanitra ity: «...ny fanahy

izay manota no ho faty.» (Ezek. 18:4). Tsy misy na tokana aza andalana ao amin'ny Baiboly milaza fa manana fanahy mandrakizay ny olombelona. Izao fotsiny no voalaza mikasika an'Andriamanitra: «*Izy ihany no manana ny tsi-fahafatesana, ...»* (1 Tim. 6:16). Raha ny fahamarinan'izany, dia tsy misy afa-tsy ireo mahitsy-fo ihany no hanaiky io Tenin'Andriamanitra io amin'ny fony rehetra. Niteny toy izao ny Tompo Mpamonjy antsika Jesosy-Kristy, hoe: «*ko a izany no nilazako taminareo fa ho faty amin'ny fahotanareo ianareo; fa raha tsy mino ianareo fa Izaho no Izy, dia ho faty amin'ny fahotanareo ianareo.*» (Jaona 8:24). Efa nampitandrina mafy mialoha Mosesy mikasika ny minisiteran'i Kristy amin'ny maha-Zanak'olona Azy: «*Ary izay rehetra tsy mihaino ny Teniko, izay holazainy amin'ny Anarako, dia Izaho no hitsara azy.*» (Deo. 18:19). «*Ary izay rehetra tsy hihaino izany mpaminany izany dia haringana tsy ho eo amin'ny olona* (Deo. 18. 15, 19)» (Asa.3:23)

Tsy misy afa-tsy ao Aminy no misy ny Fiainana mandrakizay, ary tsy misy afa-tsy izay miaina ny fahateraham-baovao no mahazo io Fiainana io, ka afaka hihaina mandrakizay. Ny Fiainan'Andriamanitra izay naseho teo amin'i Kristy no Fiainana mandrakizay. Tsy nanana fiandohana Izy, ary izany no tsy ahafahany hiafara na oviana na oviana. «*Ary izao no fanambarany: Fiainana mandrakizay no omen'Andriamanitra antsika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany. Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana; izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra no tsy manana ny fiainana.*» (1 Jaona 5:11-12)

Eto dia tsy maintsy asantsika tsindrimpeo fa tsy maha very avy hatrany ny olona iray ny nahaterahany tao anatin'ny ota, sy niainany tao. Ny mikasika ny ota dia efa nalamina indray mandeha monja. Efa natao ota ho antsika Kristy, mba ao Aminy isika no ho mpiombona ny fahamarinan'Andriamanitra. Ny ho faty dia ireo izay tsy mino fa Andriamanitra dia tao amin'i Kristy mba hampihavana izao tontolo izao Aminy, fa Izy efa namela ny helotsika sy ny fahotantsika rehetra, ary nanao antsika ho Zananilahy sy Zananivavy. Ireo ihany no ho faty ao amin'ny fahotany. (Jaona 8:24)

Tsy fombafombam-pivavahana fotsiny ny finoana marina an'i Jesosy-Kristy ho Tompo sy Mpamonjy, fa tena ampahany ao amin'ny Planina

mandrakizay nomanin' Andriamanitra ho an'ny zanak'olombelona. Tsy misy afa-tsy tao amin'i Jesosy-Kristy ihany no nanambara ny Tenany Andriamanitra. Noho izany tsy mety ho avy an-kafa ny Fiainana mandrakizay fa avy Aminy irery ihany. Koa noho izany, tsy azo ihodivirana ny finoana an'i Kristy ho an'ireo izay te-hihaina mandrakizay: «*mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy.*» (Jaona 3:15). Ho melohina izay rehetra tsy nino (Marc 16:16). Ny fahotan'ny tsifinoana no hahafaty ny olona amin'ny fahafatesana faharoa, izay fisarahana mandrakizay amin'Andriamanitra. Aoka izay te-hovonjena tsy hiezaka ho voavonjy amin'ny fombany manokana sy amin'ireo asany, fa kosa hiditra ao amin'ny fitsaharan'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny Herin'ny asan'ny Famonjena.

Ireo lanitra vaovao sy ny tany vaovao no hisy aorian'ny fitsarana farany (Apok.21:1). Tsy hisy hisaintsaina ny lasa tetè an-tany intsony ireo olona ho tody any (Isaia 65:17). Ho fiandohana vaovao izany, ho maraina be voninahitra tsy hahitana ny masoandro hilentika intsony, tsy hisy aretina, na fanaintainana, na tebiteby, na fahafatesana (Apok.21:4). Sambatra ireo izay ho afaka hihaina mandrakizay ao amin'izany voninahitra tsy hisy fangarony izany. Tsy mahafantiantoka ny manompo ny Tompo: ao Aminy dia misy fanantenana hahita indray ireo izay notiaviny, ireo izay nitia Azy, ary ireo izay nifankatia. Tsy misy afa-tsy ny fitiavana tanteraka no ho tafiditra amin'izany toerana izany.

Na tao amin'ny Testamenta Taloha na tao amin'ny Testamenta Vaovao, dia efa voambara ireo lanitra vaovao sy ny tany vaovao; saingy izy ireo, raha tsy efa tapitra ny fotoana rehetra, izany hoe aorian'ny Fanjakana-arivo-taona sy ny fitsarana farany, vao ho foronin'ny Tenin'ny Tompo. «...Izay tsy mbola hitan'ny maso ary tsy mbola ren'ny sofina, na niditra tao am-pon'ny olona, na inona na inona no efa namboarin' Andriamanitra ho an'izay tia Azy (Isa. 64. 3),» (1 Kor.2:9)

E. Frank